



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiafana · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-171

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-
DALÀNA LAHARANA FAHA-018/2021 TAMIN'NY 27 OKTOBRA 2021,
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY TETIBOLAM-PANJAKANA, TAONA 2022**

Fivoriana Faha-13
Natao ny
Talata 23 Novambra 2021
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA:- Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Talata 23 Novambra 2021, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 tamin'ny 27 Oktobra 2021, momba ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana, taona 2022.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nanambara ny fitohizan'ny fivoriana ary niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, Ramatoa Filoha, tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 tamin'ny 27 Oktobra 2021, momba ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana, taona 2022.

Taorian'izay, niangavy ny mpampakatenin'ny Vaomiera mba hamaky ny tatitra tany amin'ny asam-baomera, Ramatoa Filoha.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, no nanatanteraka izany ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy faha-18 Novambra 2021 hariva, ny Zoma faha-19 Novambra 2021 maraina sy hariva, ny sabotsy faha-20 Novambra 2021 maraina sy hariva ary ny Alatsinainy faha-22 Novambra 2021 maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakanana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 tamin'ny 27 Oktobra 2021 momba ny lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2022.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda
2. ANDRIAMIATRIKARIVO James Pierrot
3. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
4. HENRI Jean Michel
5. RALAMBOZAFIMBOLOLONA R. Fetra
6. RANDRIAMBOLAINA Gerry
7. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
8. RAVONTY Tam Téon Luc
9. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
10. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
11. REMI dit Jao Jean
12. RIVOTIANA Jean Bosco
13. VONINAHITSY Jean Eugène
14. RAMBOASALAMA Emilien
15. FIENENA Richard
16. MOHAMAD Ahmad
17. RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Teti-pivoarana tonga nivory :

Andriamatoa isany:

1. RANDRIAMBOLAINA Gerry
2. RATSIMBAZAFY Alain Jean
3. RALAMBOZAFIMBOLOLONA R. Fetra
4. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany

1. JOHASY RAHARISOA Eléonore
2. RABENIRINA Maminiaina
3. RAZAFINDRIATSARA Johnson Anatol
4. RAVELOSON Guillaume Narindrasana
5. RAHARIMAMPIONONA
6. VOAHINGINIRINA ZAFIMANDIMBY Marie Laurette
7. RANDRIANASOLO Augustin
8. RAJOELINA Andriami-harimanana Seth

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana amin'ny Vaomiera tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot
2. DARKHAOUÏ Siritis
3. RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Whary
4. IDEALSON

5. FIAROVANA Lovanirina Celestin
6. SATRA Augustin
7. RABEKIJANA Solofo Hery
8. ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
9. RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
10. RAKOTOARIMANANA Patrice
11. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
12. RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David
13. RAZAKANDRAINY Dominique
14. MASY GOULAMALY Marie
15. RATSIMANDRIONA Aida Hardy
16. RAKOTOARIMANANA Patrice

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|-----------------------------------|---------------|
| 1. RAMANAMPANOHARANA Andry | SG/MEF |
| 2. ANDRIANAIVOHERY Florence | DIRCAB/MEF |
| 3. RAMIANDRISOA Olivier | DGEP/MEF |
| 4. RAJAOFETRA Andry | DGT/MEF |
| 5. ROMALAHY Isaora Zefania | DG INSTAT |
| 6. GERMAIN | DGI/MEF |
| 7. RANDIMBIARISOA Oliva | DGFAG /MEF |
| 8. LAINKANA Zafivanona | DGD/MEF |
| 9. RASAHAVELO | DGCF / MEF |
| 10. RANDRIANARISON Tsitohaina | PCNM |
| 11. RAMAHARO Franck | DGEP/DEME |
| 12. ANDRIANADY Josué | DGEP/-DEME |
| 13. RAKOTOMALALA Hary A | DGI/DLFC |
| 14. RAHARIJAONA Dina | DGI/DLFC/SL |
| 15. TIANAMANAMBINA | DGI / DLFC/SL |
| 16. RAJAONARISON Njakanasandratra | DGEP/DEME |
| 17. RAZAFINDRAINONY Thierry José | DLV/DGD |
| 18. RAOELINA Nantenaina Raphael | DLV / DGD |
| 19. RAZAFINDRAMBOARIMANANA Hervé | DDP /DGT |
| 20. RANDRIANIRINA Hanitra | DE / DGT |
| 21. RAKOTOBÉ Harilalaina Tahina | DE/DGT |
| 22. FIARANANIRINA Maximilienne | DGFAG/DB/SSB |
| 23. MIHAJAHERIZAH Paola | DGFAG/DB/SSB |
| 24. RASENDRA Jo A. | DGFAG/DB/SSB |
| 25. RANAIVOSON Andotiana Hanitra | DGFAG/DB/SSB |
| 26. RAOELINA Andrianina Soafara | DGFAG/DB/SSPI |
| 27. RAKOTOMANGA T. Marina C. | DGFAG/DB/SSB |
| 28. RANAIVOZANANY Jerry | DGFAG/DB/SSB |
| 29. JOHASy Haritiana | DIR COMM |

30. TSIENGENY Jocelyn	DGFAG/DGEAE
31. ANDRIANOMANANA Razafindramavo	DGFAG/DB/SSB
32. RAKOTOARIHANTA Andriantsilavo	DGFAG/DB/SSB
33. RAKOTOJAONA Haja Tseheho	DGFA/SCGA
34. RAKOTOMANANA Andrianaivo	Coordonnateur SG
35. RAJONSON Finaritra	DGFAG/DB
36. RAHELIARISOA Lantoniaina	DGFAG/DB/SSB
37. RAMAROSONA Haingotiana	DGFAG/DB/SSB
38. PICARD Wilfrieda F.	DGFAG/DGEAE/CM
39. ANDRIANARISOA Fanjanirina	DGFAG/DB/SSPI

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana ny fitenenana hitondrany fanazavana mikasika ny Volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana, taona 2022.

Vinavinaina ho 5,4% ny fitombon'ny harinkarena amin'ny taona 2022 noho ny fisokafan'ny habakabaka sy ny fisian'ny «projets structurants». Raha ampitahaina tamin'ny LFI 2021 dia niakatra 1.1% ny tahan'ny tsindriketra na "taux de pression fiscale nette" ho amin'ny taona 2022 ka lasa 11.7% izany raha toa ka 10.6% tamin'ny LFI 2021.

Raha ny mahakasika ny «cadrage macro-économique» dia hita fa nandalo fotoan-tsarotra izao tontolo izao tamin'ny 2020 ka nahavoakasika an'i Madagasikara. Niiba avokoa ireo tondro ara-toe-karena sy sosialy noho ny fisian'ny valan'aretina COVID 19 ka ny fisian'ny andiany faharoa an'io aretina io tamin'ny faran'ny telo volana ny taona 2021 teto Madagasikara dia vao maika nahasarotra ny fanarenana ny Toekarena.

Tsapa anefa ankehitriny fa efa mihavoafehy ny fihanaky ny valan'aretina eto amintsika ka hifantoka amin'ny fanamafisana ny firoboroboana ara-toekarena ny firenena amin'ny alalan'ny fanavaozana rafitra sy fanatanterahana ny tetikasa maro toy ny: fanamboaran-dalana, fanatsarana ny sehatry ny angovo, tetikasa ho an'ny fahaleovan-tena ara-tsakafo mba hahafahana manohana ireo indostria malagasy sy ny sehatra tsy miankina izay niharan'ny voka-dratsin'ny COVID 19. Nametraka paikady ihany koa ny Governemanta entina mampiroborobo ny Fizahan-tany.

Eo amin'ny sehatra ara-tsosialy dia hisy ny fanatsarana sy fampitaovana ary fanomezana mpiasa ho an'ireo hopitaly, ivon-toeram-pitsaboana fototra ary sekoly. Hatao ihany koa ny ezaka hifehezana ny vidim-piainana mba ho fanatsarana ny fahefa-mividin'ny vahoaka Malagasy. Hamafisina manaraka izany koa ny fahaiza-manao sy fampitaovana ho an'ireo Mpitandrofilaminana.

Toy izao manaraka izao ny mahakasika ny harinkarena faobe (PIB). Tamin'ny LFI 2021 dia novinavinaina ho 4,3% ny fiakaran'ny harinkarena faobe kanefa noho ny andiany faharoan'ny COVID 19 teto Madagasikara dia 3,5% no tratra amin'ity taona 2021 ity; 5,4% no vinavinaina hotratrarina amin'ny taona 2022, noho ireto antony manaraka ireto:

- Fahataperan'ny hamehana ara-pahasalamana;
- Fisokafan'ny sisin-tany ;
- Fanomezan-toky ara-stratejika avy amin'ny Governemanta;
- Fiverenan'ny fahatokisan'ireo mpisehatra ara-toekarena.

Misongadina amin'ny fampiakarana ny harinkarena ny sehatra faharoa na “secteur secondaire” izay miabo ho 8,5%. Manamarina izany ny firosoan'ny firenena any ivelany amin'ny fampiasana angovo madio ka isika eto Madagasikara no anisany manondrana akora fototra ho fanamboarana izany. Manaporofa izany ny fiakaran'ny fanondranana Nikela (+47%) sy Kobalta (+73%) ary Grafita tamin'ity taona 2021 ity. Marihana fa niakatra ihany koa ny fanondranana lamba (produits textiles) tamin'ity taona 2021 ity. Fehiny, rehefa miakatra ny filàna avy any ivelany dia miakatra ny fanondranana ary manaraka tsikelikely an'izay ihany koa ny tinady avy ato anatin'ny.

Vinavinaina ho -3% sy -2,5% ny fihiban'ny sandan'ny vola malagasy raha oharina amin'ny dolara sy Euro amin'ny taona 2022.

Manaraka izany dia manana «réserve de change» enim-bolana ny firenena Malagasy raha toa ka telo volana izany teo aloha ary eritreretina ho 5,7 volana izany amin'ny taona 2022.

Heverina hitondra ny “déficit du compte courant” any ho any amin'ny -4.8% izany fihatsaran'ny Toekarena amin'ny taona 2022 izany raha nahatratra -5,5% izany ny taona 2021.

NY HETRA

Nitondra fanazavana Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Hetra fa tsy nitsaha-nitombo ny vola miditra amin'ny kitapom-bolam-panjakana nanomboka ny taona 2019 hatramin'ny taona 2021.

Mikasika ny fivoaran'ny hetra anatin'ny manokana dia novinavinaina ho 4219 miliara Ariary ny taona 2022 raha toa 3301 miliara ariary izany ny taona 2021. Tombana ihany anefa izany fa raha sanatria hisy indray ny fihibohana dia hihena io vinavina io ary hisy fiantraikany amin'ny vola miditra indray izany. Nohamafisiny tamin'izany fa fanatsarana ny tahan'ny fampidiran-ketra no atao fa tsy famoronana hetra vaovao na fampiakarana ny tahan'ny hetra. Anisan'ny fanatsarana natao ny ezaka momba ny hetra anatin'ny, izay efa nanomboka tamin'ny taona 2020 ka hatramin'ny taona 2022 ary mitentina 854.26 miliara Ariary no tanjona tratrairina amin'izany ezaka fanampiny izany .

Mba hanatrarana izany dia misy ny lamina izay noraisina toy ny fepetra ara-panjakana sy araky ny lalàna.

Tombanana ho 174.51 miliara Ariary ny vola hampidirina avy amin'ny alalan'ny fepetra araky ny lalàna. Ny fametrahana ireo tondro lehibe ho tratrairiny sy ireo fepetra manokana araky ny lalàna no ahafahana manatratra izany.

Ny momba ny «tondro lehibe hotratrarina» dia ahitana ny:

- fiarovana ny fampidiran-ketra, ao anatin'izany ny fametrahana ny fepetra fakàna mialoha any am-potony ny hetra IR sy TVA ho an'ireo karazan-draharaha manokana ka ny vidy ivarotana dia voafetra mialoha,
- ny fampiakarana ny sandan'ny haba amin'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny sigara sy paraky. Raha ny marina dia tsy fampiakarana sanda no atao fa fampiharana ny fomba fanitsiana isam-potoana ihany no natao;

- fandanjalanjana ny fanomezana tombotsoa ara-ketra, mijery hatrany ihany koa anefa ireo orinasa vao avy niaina ny covid-19. Marihina fa izany dia ao anatin'ny fanatanterahana ny politikam-panjakana amin'ny fampihenana ny fandania avy amin'ny hetra;
- fampidirana ireo fepetra mikasika ny orinasa afakaba ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe mifehy ny hetra araky ny fepetra takian'ny Lalana fehizoro mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola (LOLF) ary koa araky ny fomba fanao iraisam-pirenena;

Ny momba ireo fepetra lehibe ao anatin'ny fanovàna mikasika lalàna indray dia ahitana:

- Ny fandanjalanjana ny fanomezana ireo tombotsoa ara-ketra: tsy fanafoanana izy io fa fampihenana ny fotoana tsy andoavana ny IR ho an'ny orinasa vao niforona ka ferana ho 1 taona, 3 taona ary 10 taona raha toa 2 taona, 5 taona ary 15 taona izany teo aloha. Marihana fa tsy voakasik'izany ny orinasa izay efa-nisy. Hita ao anatin'izany ihany koa ny fampihenana ny tahan'ny IR amin'ny fampihenana-ketra avy amin'ny fampiasam-bola izay nahena ho 25% raha 50% izy teo aloha ;
- Misy koa ny fametrahana ny famerana ireo antoka amin'ny fanamarinan-toerana ao anatin'ny fotoana voafaritra mazava. Izany no napetraka mba hisian'ny «garantie de la stabilité» manoloana ny fiovaovan'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Ny fepetra ankapobeny izay ahitana ny:

- fanafoanana ny tsy fandoavan-ketra IR ho an'ny «primes de réassurance», izany hoe ireo orinasa misehatra amin'ny fiantohana izay tsy manana fahafahana ara-bola na «capacité financière» hanaovana «réassurance» ka mitady mpiara-miombon'antoka any ivelany, ny vola azon'ireo orinasa avy any ivelany dia akàna hetra 10%;
- Fanafoanana ny tsy fandoavan-ketra amin'ny hetra amin'ny vola miditra ho an'ireo orinasa misehatra amin'ny fampisamboram-bola madinika sy “Centres de gestion agréés”;
- Misy koa ny fampihenana ny tahan'ny hetra alaina amin'ny fampiasam-bola amin'ny famokarana angovo azo havaozina, ny sehatra fambolena sy ny fizahan-tany, ny indostria ary ny tao-trano sy asa vaventy ;

Fepetra mikasika ny fanatsarana ny fampidirana-ketra, hita ao anatin'izany ny:

- Fametrahana ny fepetra mikasika ny fitanana am-potony ireo hetra, ho fisorohana ny hosoka na ny «fraude fiscale».
- Eo ihany koa ny fampiakarana ny « droit d'accise » amin'ny paraky sy sigara.

Fepetra mikasika ny fanentanana indray ny toekarena taorian'ny valan'aretina, fanohanana ireo mponina marefo nianjadian'ny tsy fahampian-tsakafo:

- Tsy fampiharana ny AIRS ho an'ireo orinasa niorina mihoatra ny fitaona;
- Fanafahana ara-kaba amin'ny tataom-bidy (TVA) amin'ireo raharaha famindrana entana iraisam-pirenena, izay napetraka ho fanatsarana ny fandraharahana eto Madagasikara satria misy fanitarana ny seranan-tsambon'i Toamasina;
- Fanafahana ara-kaba amin'ny tataom-bidy (TVA) amin'ireo fifanaraham-piantohana ho an'ireo mpisehatra madinika amin'ny fambolena.

Hoenti-miatrika «réchauffement climatique» i Madagasikara ka isan'ny matiantoka amin'izany ireo mpamboly madinika izay manana «contrat d'assurance» ka kely ny «prime d'assurance» azon'izy ireo.

- Zo amin'ny fanalana ny TVA ho an'ireo matihanina amin'ny fitaterana an'habakabaka ;
- Fanafahana ara-ketra amin'ny IMP ny vola miditra ho an'ireo mpamatsy entana amin'ny varotra anatin'ny ireo sakafo fitsaboana vonona avy hatrany, ireo vokatra ara-tsakafo manokana, amin'ireo sampan-draharaham-panjakana.

Ary farany ny fanaovana «mise à jour des tarifs» eo amin'ny lisitr'ireo vokatra «exonérés de TVA» sy ny vokatra «soumis au droit d'accise».

Anisan'ny «mesures législatives» ihany koa ny fahazoana vola maherin'ny 20,69 miliara ariary amin'ny fiakaran'ny «droit d'accise» alaina amin'ny paraky sy sigara. Natao izany mba hampihenana ny tahan'ny fihinanana sy fifohana paraky sy sigara izay mahatonga fahafatesan'ny olona maro ka miisa 8 300 isan-taona ny maty araky ny voalazan'ny OMS. Torak'izany ihany koa ny amin'ny toaka izay ahazoana vola maherin'ny 2,30 miliara Ariary.

Apetraka ihany koa ny «mécanisme de réglementation de la traçabilité des produits soumis aux DA» hanatsarana ny vola miditra sy hiadiana amin'ny hosoka arak'hetra sy ny vokatra tsy ara-dalàna. Ohatra amin'izany ny famantarana ny isan'ireo sigara voavokatra isam-bolana ka ahafahana mamantatra ny fidiram-bolan'ny orinasa sy ny hetra tokony haloany. Hasiana «code» daholo ireo toaka sy sigara rehetra mivezivezy eto an-toerana mba ahafahana mamantatra ny entana izay mbola tsy nandoavana «Droit d'accise».

Misy ihany koa ny fametrahana «droit d'accise» amin'ny taha 15% izay mahakasika ny fanondranana volamena. Raha ny iraisam-pirenena dia tokony ny firenena mpandray ny entana no misitraka izany fa noho ny maha harem-pirenena azy dia rariny raha hakana DA izy ka tombanana ho 48,63 miliara ariary ny vola hampidirina amin'izany.

Misy ny fanatsarana ny hetra anaty ho an'ireo vondrom-bahoaka hitsinjaram-pahefana ka ny ministeran'ny Toe-karena sy ny fitantanam-bola amin'ny alalan'ny DGI no mandray antanana ny fanomezana fiofanana toy ny mahakasika ny «leadership fiscal» ho an'ireo mpiasa eny amin'ireny vondrom-bahoaka ireny. Izany no natao mba hampitomboana ny vola miditra sy hanatsarana ny fitantanana. Eo koa ny fanatsarana ny «recouvrement des impôts fonciers» amin'ny alalan'ny fametrahana ny «géolocalisation». Torak'izany ihany koa ny fanatsarana ny «taxes sur les appareils automatiques», sy ny «taxes sur les pylônes, relais, antennes ou mâts».

Mikasika ny «mesures administratives» indray dia vinavinaina 679,75 miliara ariary ny vola hampidirina amin'ny taona 2022. Mba hahafahana mahatratra izany dia hapetraka ny «modernisation de l'administration fiscale» amin'ny alalan'ny «digitalisation» sns... Mba hialàna amin'ny hosoka arak'hetra sy ny mety ho fanodinkodinana ny volam-panjakana dia any amin'ny Banky Foibe avy hatrany no handoavana ny vola fa tsy ao amin'ny sampandraharaha momba ny hetra intsony.

Ao anatin'ny «mesures administratives» ihany koa no ahitana ny fandoavan-ketra «en ligne» (hetra phone), ny fanaovana “déclaration en ligne” ary ny « e-bilan ». Ny tanjona dia ny hampiasana «bilan» iray ihany sy hananan'ny Banky Foibe ivon-toerana fanaraha-maso ny fanadihadiana sy sy fangalana vaovao (Central de bilan).

Apetraka ihany koa ny «e-salarié» mba hahafahan'ny orinasa manana «base de données» iray ihany handoavana ny IR sy hamerenana ny orinasa handoa ny latsakemboka.

Misy ihany koa ny fanaovana ny «recouvrement des arriérés fiscaux recouvrables» izay mitentina 250 miliara ariary sy ny fitsirihana ara-ketra na ireo “contrôles fiscaux” izay ahazoana mihoatra ny 153 miliara ariary ary farany ny fanaovana ny “recouvrement de l'IMP” izay «retenu à la source» ka ahazoana mihoatra ny 114 miliara ariary.

NY FADITSERANANA

Navoitran'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Faditseranana nandritra ny fitondram-panazavana nataony fa mizara roa ny momba ny fanatsarana nataon'ny Faditseranana izay voarakitra ato anatin'ny PLFI 2022:

- 1- Ny Mikasika ny “politique tarifaire” izay mandamina ny “structure tarifaire” amin'ny fampidirana-ketra;
- 2- Ny Fanovana ny Fehezan-dalàna momba ny Faditseranana.

1- Ny mikasika ny “Politique tarifaire”:

Eo amin'ny 3063,02 lavitrisa ariary no haba vinavinaina hampidirina amin'ny alalan'ny Faditseranana amin'ny taona 2022. Miankina amin'ny fanafarana entana sy ny tontolon'ny toe-karena izany.

Eo amin'ny 5,4 % ny “taux de croissance” novinavinaina, izany hoe hisy fiakarana 19%-n'ny fampidirana-bola raha oharina amin'ny vinavina amin'ny taona 2021.

Noho ny fisian'ny COVID 19 no nampilatsaka ny fidiram-bola tamin'ny taona 2020 sy 2021 kanefa ezahina hatrany ny hampiakarana izany.

Ny 73%-n'ny vola hiditra amin'ny Faditseranana dia avy amin'ny fanafarana entana fa ny 27% kosa dia avy amin'ny fanafarana solika.

Ezahina amin'ny taona 2022 ny fanatsarana ny fanaraha-maso ny tomban'entana.

Nisy ny fanovàna momba ny lazam-bidy amin'ny Faditseranana:

- Fifindrana avy amin'ny filaza (version) 2017 mankany amin'ny filaza 2022 araka ny toromariky ny fikambanamben'ny faditseranana eran-tany;
- Fanasokajiana ny lazam-bidy amin'ny entana stratezika sasany araka ny politikan'ny lazam-bidy nasionaly sy ny modely navoakan'ny CNUCED: ny akora fanodina (matières premières) ho 5%, ny taharo (matières intermédiaires) dia 10% ary ny vokatra fanjifa (produits finis) dia 20%;
- Fanohanana ny seha-pamokarana Malagasy toy ny fanafoanana ny habatseranana amin'ny menaka azo avy amin'ny biby noho ny fangatahan'ny orinasa mpamokatra savony ...
- Famoronana zana-tsokajy nasionaly manokana momba ny akora fanasana tanana misy alikaola mba hialana amin'ny fanambarana lazambidy diso;

- Fitazomana ny tetiandro amin'ny fampidinana ny habantseranana APEi misy amin'izao fotoana izao momba ny akora voakasika avy any Eoropa, mandritra ny taom-piasana 2022.

Miisa 6 705 ny “lignes du tarif douanier” amin'izao fotoana izao ka ny 2 814 “lignes” amin'io no tokony hasiam-panitsiana fa ny 563 “lignes” aloha no mbola vita hatreto.

Matetika no misy fifangaroana ny fisokajiana ny “matières premières” sy ny “produits intermédiaires”.

Ao anatin'ity “politique tarifaire” ity dia betsaka ny fanovàna natao arakaraky ny sokajin'entana:

- Nisy ireo karazan'entana izay niakatra 10% raha toa ka 5% ny habatseranana nalaina taminy;
- Tao koa ireo izay niakatra 20% raha toa ka 10% teo aloha, ohatra amin'izany ny “bondillons”;
- Momba ny “déchets de batteries” dia nakarina 20% izany raha toa ka 5% teo aloha mba ho fiarovana ny tontolo iainana;
- Nofoanana kosa ny “lignes tarifaires” sasany.

Tombanana hisy tombony 82, 89 miliara ariary no azo vokatry ny fanovàna ny lazam-bidy amin'ny fidiran-ketra.

2- Fanovàna ny Fehezan-dalàna momba ny Faditseranana

- Noezahina ny fampihenana ny fotoana lany amin'ny famoahana entana;
- Nampidirana rijan-teny vaovao mikasika ny fametrahana taratasy manambara fanavam-pitaterana ho amin'ny fanambarana tsotsotra amin'ny entana tokony hizaka fanavam-pitaterana;
- Nampifanarahana ny rijan-teny amin'ny Fehezan-dalàna mikasika ny Faditseranana amin'ny rijan-teny fifanarahana nasiam-panitsian'i Kyoto amin'ny lafiny fanomezana fanalana tsatoka ny entana;
- Sokajiana ny tsy fanatanterahan'ny fanekena natao amin'ny Fandraharahana ny Faditseranana, afa tsy izay voalaza ho amin'ny andininy 359-2 an'ity Fehezan-dalàna mikasika ny Faditseranana, ho isan'ny heloka madinika kilasy voalohany;
- Fanoritana ireo karazana fanekena natao.

Nosokajiana ho vokatry fanjifa (produits finis) ny “bondillons” noho izy tsy mandalo fanodinana intsony. Ka ny fampiakarana ho 20% ny haba alaina aminy dia hiteraka tombony 7 miliara ariary ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana.

NY FANDANIAMBOLAM-PANJAKANA

Ny fomba namolavolana ity Fandaniambolam-panjakana ity dia niainga tamin' ny “Conférence budgétaire regionale” izay natao tamin' ny volana Febroary, narahana'ny “conférence” niarahana tamin' ireo Governora 22, nentina teny anivon' ny Filankevitry ny Governemanta sy ny Filankevitry ny Ministra ka tamin' izany no nahazoana ny laharam-pahamehana amin'izay fandania.

Raha ny karaman'ny mpiasam-panjakana no jerena dia nahitana fitomboana 1,2%; 26,6% ny teo aloha ka lasa 27,8% izany. Ny antony nahatonga izany dia ny fandraisana mpiasam-panjakana miampy ireo tambim-karama fanome ireo olona handeha hisotro ronono ary ny fiakaran-karama mifandray aminy fivoarana toy ny "avancement" sy "reclassement". Nisy ihany koa ny "Majoration de salaire" entina hiatrehana ny mety ho fiakaran'ny karama, ny fanomezana karama 12 volana ho an' ireo mpiasa andeha hisotro ronono sy ny "regularisation d'arriérés", ny mety ho fitomboana amin'ny isan'ireo mpiasa any ivelany na ireo "personnel extérieur", ny mety ho fiakaran'ny ankapobeny ao amin'ny ny ministeran'ny Fiarovam-pirenena ary ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandary.

Ho an'ny taona 2022 dia 400 miliara ariary ny fatiantoky ny kitapom-bolan'ny fisotroan-dronono. Ny fatiantoka dia nohon'ny fitambesaran'ireo olona mandray fisotroan-dronono manoloana ny havitsin'ny olona mandoa latsakemboka. Ny fiiban'ny toedanja'ny kitampombolan'ny fisotroan-dronono dia andrasana ho - 293,9 miliara ariary, izany hoe fidinana - 109,7 miliara ariary amin'ny taona 2022 vokatr'ireo fanavaozana nentina teo anivon'ny minisiteran'ny Toekarena sy Fitatantanambola nanomboka tamin'ny taona 2019. Ireo vola miditra ao amin'ny kitapombolan'ny fisotroan-dronono dia andrasana hitentina 604,7 miliara ariary, izany hoe hisy fitomboana 215,1 miliara miohatra tamin'ny taona lasa. Misy ihany koa ny mety ho fampitomboana ny fisotroan-dronono ho 86,0 miliara ariary ary ny "extention année pleine des droits à pension" izay mitentina 14,2 miliara ariary sy ny fandanianana hafa toy ny "secours au décès", "pension alimentaire" ...sns. Misy ihany koa ny fandanianana amin'ny fanovana ny kajy momba azy ireo sy ny "annulation des bons de caisses à pension" izay sandaina ho 1,5 milliara ariary.

Eo amin'ny Fandanianana ho an'ny Fampandehanan- draharaha: raha oharina amin'ny LFR 2021 dia nisy fitomboana. Nahatratra 1336,5 miliara ariary teo amin'ny Ministera sy Andrimpanjakana ka 200 miliara ariary no iantsorohan'ny FMI. Ny fampiasam-bola anatin'ny dia nahitana fitomboana 1598,5 miliara ariary ka "financement FMI" ny 900 miliara ariary. Ny "dépenses transversales" dia nihena -444,6 miliara ariary ka ny -30 miliara ariary dia "fonds COVID". Antony roa no manazava io fitomboana io: etsy andaniny, ny fampandehanan'ny ireo fotodrafitrasa natsangana tamin'ny 2021 ho an'ny sehatry ny fahasalamana, fiarovana sy ny fanabeazana. Etsy ankilany kosa dia ny fanatanterahana ny fanomezan-toky natao tamin'ny vahoaka.

Ny amin'ny fitsinjirana isan-tsehatra kosa dia ny sehatra sosiahy no manana taha ambony indrindra (33,0%), ny fotodrafitrasa dia 22,6%, ny fandraharahana (Administration) dia 18,2%, ny "sécurité et administration territoriale", 14,4% ary ny famokarana dia mahatratra 11,8% ny taha. Ny fandanianana eo amin'ny fampandehanan-draharaha na "hors opération d'ordre" izay mahakasika ny minisitera sy ny Andrimpanjakana dia 2627,3 miliara raha toa ka 2730,2 miliara ariary no nangatahina.

Mikasika ny fomba nametrahana ny sorabola hampandehanan-draharaha kosa dia toy izao ny nitondrana azy. Momba ireo minisitera tsy nahitana fiovana rafitra dia nahitsy tao amin'ny sorabolany ny fandraisana an-tanana ireo ECD sy ny fandoavana ny «facture» JIRAMA any aminy. Mikasika ireo minisitera vaovao kosa dia nosandaina ho 398,1 million ariary eo ho eo ny fampandehanan-draharahan'ny "Direction générale", iray; 54,3 million ariary ny an'ny "Direction" tsotra ary 24,5 million ariary ny Sampandraharaha. Notazomina ho 380 miliara ariary ny vola haloha any amin'ny JIRAMA, ka ao anatin'izany ny fandoavana ny jiro sy rano ataon'ny Fanjakana, ny fanomezambola ho fampandehanan-draharaha sy ny

fampiasambola. Misy ny fanokanana vola 200 miliara ariary ho antoka amin'ny mety ho fanafarana PPN mba hiarovana amin'ny fiakaran'ny vidin'entana.

MOMBA NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Ny anjaran'ny tahirim-bolam-panjakana dia ny fandravonana ny voalaza rehetra teo aloha mahakasika ny fandania sy ny fidiram-bola. Hita ao amin'ny «équilibre générale de la loi de finances» izany.

Ahitana «cadre» miisa 5 ny «équilibre générale de la loi de finances».

Ny «cadre I» dia ahitana ny vola miditra toy ireo vola miditra amin'ny alalan'ny hetra sy ny vola miditra amin'ny alalan'ny faditseranana malagasy izay mitentina 7 282 miliara ariary. Eo koa ny «recettes non fiscales» izay mitentina 188,8 miliara ariary raha toa ka 164,9 miliara ariary izany tamin'ny LFR 2021. Ahitana ireo “dividendes” avy amin'ny «société à participation d'Etat» sy ireo «redevances» isan-karazany izany. Ao ihany koa ny «aides budgétaires non remboursables» avy amin'ny Vondrona Eoropeana izay mitentina 46 miliara ariary sy ny fanampiana hafa avy any ivelany izay tsy averina.

Hita ao ihany koa ny «régularisation» izay mitentina 26,4 miliara ariary ary ny vola heverina hiditra amin'io “Cadre I” io dia mitentina 8 781, 2 miliara ariary.

Ny fandania dia ahitana ireto teboka manaraka ireto:

- «Solde et indemnité» : 3 510,9 miliara ariary
- «Fonctionnement» : 2 383, 1 miliara ariary
- «Intérêt de la dette» : 550, 4 miliara ariary
- “Investissement”: 5 257, 5 miliara ariary
- “Régularisation (fonctionnement)”: 2 728,4 miliara ariary
-

Ireo rehetra ireo dia mitotaly: 14 430, 4 miliara ariary

Ny “Cadre II” dia ahitana ireo “Budget annexe” mahakasika ny «imprimerie nationale» sy ny paositra izay mitotaly 33, 8 miliara ariary na amin'ny fandania na amin'ny fidiram-bola. Marihina fa tsy maintsy “en équilibre” foana ny fidiram-bola sy ny fandania mahakasika ny “Budget annexe”.

Ny “Cadre III” dia ahitana ny “recette” sy ny “dépense” momba ny “Comptes particuliers du Trésor”, ahitana ny

- «compte de prêt» izay findramam-bola nataon'ny «société d'Etat » tamin'ny Fanjakana toy ny orinasa Soavoanio sy ADEMA;
- Ny «compte de commerce» izay mitentina 898, 6 miliara ariary;
- Ao ihany koa ny «compte d'affectation speciale» izay mitentina 94,4 miliara ariary;

Eritreretina ho 993,4 miliara ariary ny vola hiditra ao amin'ny “Comptes particuliers du Trésor»;

Ny fandania amin'io “cadre III” io dia ahitana “compte de prêt” mitentina 337,2 miliara ariary izay ahitana “prêt direct” mahakasika ny JIRAMA sy ny «garantie de paiement»-n'ny vola nindramin'ny orinasa RAVINALA ary ny tetikasa SAHOFIKA.

Ahitana ihany koa ny «compte de participation» izay misy ny fandraisan'anjaran'ny Fanjakana Malagasy amin'ireo «organismes internationaux» sy any amin'ny «société d'Etat».

Manaraka izany dia ahitana «comptes de commerce» (CRCM sy CPR) izay mitentina 898,6 miliara ariary ary «compte d'affectation spéciale» izay mitentina 94,4 miliara ariary. Ny totalin'ny fandanianana ao amin'ny «cadre III» dia mitentina 1 661,6 miliara ariary.

Ny «cadre IV» dia ahitana ny «opération sur fonds de contre valeur» izay ahitana fidiram-bola mitentina 1,3 miliara ariary sy fandanianana 13,0 miliara ariary.

Ny «cadre V» dia mirakitra ny «Opération de la dette publique» izay ahitana ny «dette intérieure» sy «dette extérieure».

- Ny vinavinan'ny fidiram-bola amin'ny «dette intérieure» dia mitentina 3 080, 3 miliara ariary raha toa ka 2 733, 2 miliara ariary ny fandanianana. Ahitana «bon de Trésor» izany sy ireo «avances statutaires» ihany koa.
- Ny vinavinan'ny fidiram-bolan'ny «dette extérieure» kosa dia 6 578,0 miliara ariary raha toa ka 588 miliara ariary ny fandanianana. Ny vola miditra dia ahitana ny «emprunt, financement exceptionnel izay ahitana «aide budgétaire» avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena sy ny «rétrocession»-n'ny FEC izay mitentina 280 miliara ariary.
- Ao ihany koa ny «opération de régularisation» izay ahitana ny «réévaluation du stock de la dette» izay mitentina 2700,0 miliara ariary.

Mitotaly 19 468 miliara ariary ny «équilibre général» mahakasika ny tetibolan-panjakana 2022.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory

Fanamarihana avy amin'ny mpivory:

1. Tokony hitadiavan'ny Fanjakana vahaolana ny mahakasika ny fampitaovana ny mpandraharaha eo amin'ny sehatry ny famoronana asa. Hita mantsy fa tsy mitovy ny vidin'entana eto Antananarivo sy ny any amin'ny Faritra ka mila fijerena akaiky. Tokony hanokana tetibola ihany koa ny Fanjakana malagasy mba hampitaovana ireo tantsaha. Tsy tokony hakàna hetra ihany koa ny vary satria io no foto-tsakafon'ny Malagasy;
2. Tokony hojerena akaiky ny fiakaran'ny hetra alaina amin'ny vahoaka any amin'ny Faritra Diana satria ambony loatra izany raha oharina amin'ny Faritra hafa nefa ny entana mitovy ihany.
3. Tokony ho tsinjaraina mifanaraka amin'ny isan'ny Distrika ao anatin'ny faritra ny tetibolan'ny Governora. Toy izany ihany koa ny teti-bolan'ny CIAD izay tokony hifanaraka amin'ny isan'ny Solombavambahoaka amin'izany. Tokony homena tombony ihany koa ireo Distrika tavela hafara fa tsy ampitoviana amin'ireo izay efa mandroso.

4. Tokony jerena manokana ireo Distrika manana sata manokana toa an'i Nosy-Be sy Sainte-Marie amin'ny fampitaovana satria dia mitovy amin'ny azon'ireo distrika hafa ihany ny azon'izy ireo.
5. Tokony ampidirina ao amin'ny Tetibolam-panjakana ireo zavatra tapaka nandritran' ireo «conférence budgétaire» ary tokony hisy koa ny «conférence budgétaire» iarahana amin'ireo Solombavambahoaka mialohan'ny handrafetana izany.
6. Tokony arahina ny voalazan'ny Lalàmpanorenana momba ny «péréquation» eo amin'ny fitsinjarana ny Tetibolam-panjakana.
7. Tokony jerena ny tetibola entin'ireo Vaomiera maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena sy ireo vaomiera mpanadihady miasa.
8. Tokony jerena ny ao amin'ny sampandraharaha misahana ny fandoavana ny "patente" satria hafa ny voasoratra ao amin'ny "quittance" dia hafa ny vola takiana avy eo.
9. Tsy mbola fotoana tokony hampakarana ny haba alaina amin'ny "bondillons" izao amin'ny maha-vokatra ilaina andavanandro ny savony sy ho fitsinjovana ireo vahoaka sahirana. Izany dia mifanindran-dalana amin'ny politikan'ny fidiovana sy ny fanadiovana koa ity Vaomiera ity dia nangataka ny hitazonana ho 10% ny haba alaina amin'ny "bondillons".

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

Fanontaniana sy valim-panontaniana:

1- Ahoana ny fifampiresahana eo amin'ny mpandraharaha sy ny mpiasan'ny Faditseranana mahakasika ny fiakaran'ny "Fret maritime"?

Efa misy foana ny fifampiresahana eo amin'ny mpiasan'ny faditseranana sy ny mpandraharaha (Dialogue Public- Privé) hitadiavam-bahaolana. Ny hetra aloha moa dia tombanana foana araka ny vidin'ny entana iharan'ny haba.

2- Inona no ilàna ilay 200 miliara ariary atao "Garantie d'importation"?

Ampiasaina amin'ny hanaovana antoka ho an'ireo Banky izay miara miasa amin'ny "State of Procurment of Madagascar (SPM)" rehefa hanafatra PPN avy any ivelany izy. Sorabola ihany io fa tsy misy vola mivoaka.

3- Voalaza fa 5,4% ny ho fitombon'ny harinkarena faobe amin'ny 2022. Efa voavinavina ao anatin'izany ve ny mety ho fisian'ny andiany fahatelo amin'ny COVID 19?

Tsy nampidirina tao anaty vina ny hitrangan'ny andiany fahatelo amin'ny COVID 19 satria isan-taona tsy hikajy valan'aretina foana ary mbola tsy azo antoka ny mety hisian'izany.

4- Tena hisy ve ny fampandehanana ny lafiny fizahan-tany?

Efa misy ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana amin'ny fanaovana ny "promotion du tourisme interne" ary hiezaka ampahalala bebe kokoa an'i Madagasikara any ivelany ny fitondram-panjakana.

Manaraka izany, ny fisokafan'ny sisin-tany amin'izao dia Manampy amin'ny fampiroboroboana io sehatra io. Marihina fa sokajian'ny CDC (Centre pour le Contrôle et la prévention des Maladies) ho anisan'ny firenena tsy dia atahoarana eo amin'ny fihanaky ny valan'aretina covid-19 i Madagasikara.

5- Hitondra fanatsarana tokoa ve ny “digitalisation” eo amin'ny kitapom-bolam-panjakana?

Hisy fanatsarana izany eo amin'ny kitapom-bolam-panjakana satria hanamora ny fandoavan-ketra amin'ny alalan'ny fifandraisan-davitra.

6- Tsy azo atao ve ny mampidina ny tahan'ny fiakaran'ny vidim-piainana na “inflation” ho 5%?

Mariky ny fiakaran'ny tinady eo amin'ny toekarena iray ny fiakaran'ny vidim-piainana na “inflation”. Ny mba tsy hiakaran'izany ho ambony be loatra na ho lasa “inflation galopante” no mahatonga ny fitondram-panjakana handray fepetra toy ny fanafarana PPN sy ny fanaraha-maso ny vidin'entana amin'izao. Ireo fepetra ireo dia isan'ny eritreretina hamehezana ny fiakaran'ny vidin'entana no ahazahoantsika ilay hoe “inflation maîtrisée”.

7- Raha ny tarehimarika no jerena dia milaza fa mandeha tsara ny toekarena Malagasy. Tena io tokoa ve no zava-misy amin'ny taona 2022 sy 2023?

Betsaka ny fampiasam-bola hatao toy ny fananganana orinasa mpanamboatra lamba lehibe indrindra ato amin'ny ranomasim-be Indiana. Eo ihany koa ny foto-drafitrasa SAHOFIKA izay hiteraka fihenana'ny vidin'ny herinaratra. Ary ny firoborobon'ireo tetikasa ireo dia hipaka eny amin'ireo orinasa madinika sy salantsalany satria hiteraka filana arak'asa izany.

8- Tokony firy ny tetikasa ao amin'ny ODOF no hatsangana amin'ny taona 2022 satria miteraka asa ho an'ny mponina any amin'ny faritra izany?

23 Distrika no hisitraka ny ODOF ary vola mitentina 4 miliara ariary no hampiasaina amin' izany ary hiteraka tolotr'asa isankarazany izany.

9- Maninona raha ampiana toska ny “secteur primaire” satria 80%-n'ny malagasy dia tantsaha avokoa?

Ny fiakaran'ny 3,4% eo amin'ny “secteur primaire” dia efa nifampidinihana tamin'ny Minisiteran'ny Fambolena ka miainga avy amin'izany no namoahana ny vinavina. Efa miditra amin'ny atao hoe “mécanisation agricole» isika no sady mila “intrants agricoles” ary koa mila jerena ny resaka “mains-d'œuvres” fa io no betsaka eto amintsika. Mbola misy manko ny sehatra eo anelanelan'izany izay tsy ananantsika traikefa ka ilaina ny fanampian'ireo teknisia avy any ivelany.

10- Maninona raha manokana vola ny fanjakana malagasy mba hividiana fampitaovana toy ny “Groupe électrogène” ho an'ny JIRAMA mba hialana amin'ny fiankinan-doha amin'ny mpandraharaha tsy miankina?

Misy ezaka lehibe mahakasika ny fanatsarana ny sehatry ny angovo eto Madagasikara toy ny, “centrale hybride”, “barrage hydroélectrique” sy ny fanaovana “parcs solaires photovoltaïques” any Atsimo. Ankoatr'izay dia efa miroso amin'ny fampiasana

angovo azo havaozina isika sy ny famatsiana herinaratra eny amin'ny tontolo ambanivohitra izay heverina fa miantraika any amin'ny vahoaka.

11-Inona ny fepetra raisin'ny Minisitery manoloana ny tsy fandoavan'ny orinasa AIRMAD sy JIRAMA ny trosany izay tokony aloany any amin'ny Fanjakana?

Amin'ny maha orinasam-panjakana azy ireo dia natao ny fifampidinihana eo aminy sy eo amin'ny Fanjakana Foibe. Raha gejaina manko ny "compte"-n'izy ireo dia tsy afaka hiasa ireo.

12-Azo atao ve ny manitatra ny fanofanana izay ataon'ny Minisitery mikasika ny fanatsarana ny fidiram-bola eny amin'ireo Kaominina rehetra manerana ny Nosy, satria hita fa sahirana ara-bola ny ankamaroan'izy ireo?

Azo atao tsara ny manitatra ny fanofanana momba ny "leadership fiscal" eny anivon'ny Kaominina manerana ny nosy satria ny banky iraisam-pirenena no mamatsy vola amin'izany ary ny Minisitery manana «service des ressources locales» no afaka manome fiofanana mivantana ireo mpiasa eny anivon'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana.

13-Tsy vola be ihany ve no very amin'ny tsy fanomezana fahalalahana ny famokarana toaka gasy raha ny "droit d'accise" mahakasika ny toaka no jerena?

Hita fa mety ho betsaka tokoa ny vola very amin'ny tsy fanomezana fahalalahana ny famokarana ny toaka gasy. Tamin'ny fandinihana ny tolo-dalàna mikasika ny fanalalahana izany dia tsy voantso ny sampandraharahan'ny hetra izay tomponandraikitra amin'ny lafiny «droit d'accise». Ka raha misy izany amin'ny manaraka dia mba fanirian'ny ministera ny mba hiantsoana azy.

14-Tsy lafo ve ny fiakarana 1000 ariary alaina amin'ny karama farany ambany?

Tsy lafo ny fampiakarana 1000 ariary alaina amin'ny karama farany ambany satria ny tanjona amin'izy io dia ny fampianarana ny vahoaka handoa hetra ary hiezaka ny ministera hanentana ny vahoaka amin'ny tombotsoan'ny fanatanterahana izany.

15-Inona ny fepetra raisin'ny Fanjakana amin'ny "recouvrement des arriérés"-n'ny AIRTEL, ORANGE ary BLUELINE?

Amin'ny alalan'ny « système de l'impôt déclaratif » ny hakana ny hetra tokony aloan'ny orinasa AIRTEL sy BLUELINE. "Sous contrôle fiscal" kosa ny orinasa ORANGE sy AIRTEL ka iarahana amin'ny "Impôt fiscal sans frontière" ny fanatanterahana izany. Efa any amin'ny "Conseil d'Etat" ihany koa ny antontan-taratasy mahakasika azy ireo. Fa TELMA kosa dia voafehin'ny "protocole d'accord" kanefa efa mandoa tsikelikely ny hetrany izy.

16-Aiza ho aiza ny fiarovana ny «bases des données» mahakasika ny fampiasana ny «digitalisation»?

Fiaraha-miasa amin'ny PNUD nahazoana ny "fire wall" no entina miaro ireo "bases des données" ireo. "Identification" no ampiasaina fa tsy mandalo "adresse e-mail" rehefa mandoa hetra. Ireo dia "système périodique" daholo ary mandalo "verification".

17-Misy ny fampiakarana ny hetra alaina amin'ny mpandraharaha fa indrindra ny ao amin'ny sehatra afak'haba. Mitombona ihany ve izany raha hampiroborobo ny fampiasam-bola?

Tsy sakana amin'ny fampiroboroboana ny fampiasam-bola ny fampiakarana ny hetra alaina amin'ny mpandraharaha. Raha ny fanadihadiana nataon'ny Banky iraisam-pirenena dia ny tahan'ny hetra eto Madagasikara no tena tsara indrindra fa ny tena olana dia ny fisian'ny hosoka ataon'ireo mpiasan'ny sampandraharahan'ny hetra sy ny tsy fisian'ny "stabilité juridique et politique" ary ny fiovaovan'ny Lalàna eto amintsika.

18-Inona ny fepetra raisin'ny Governementa hiadiana amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro raha ny lafiny hetra no resahana?

Mbola tsy nanao COP26 i Madagasikara dia efa nisy fepetra noraisina tamin'ny alalan'ny fampidinana ny tahan'ny hetra 5% alaina amin'ny "gaz" mba ialana amin'ny fampiasana ny kitay izay manimba ny ala. Ny tena zava-dehibe dia ny tsy fakàna ny TVA amin'ny "kit solaire" ihany koa. Ary efa misy ihany koa ny fepetra noraisina momba ny "résilience climatique". Ny momba ny tsy fahampian-drano dia efa maro ankehitriny ny fiarabe mpanao forage

19-Inona ny fepetra tokony horaisin'ny ministera hialana amin'ny mety hisian'ny korontana amin'ny fanaovana fitakiana hetra hanatratrarana ny tanjona ara-bola amin'ny taona 2022 izay hita fa tena ambony dia ambony raha oharina amin'ny taona 2021?

Tombana amin'ny tsy fisian'ny COVID 19 no nataon'ny Minisitery koa raha sanatria ka mbola hiverina ny aretina dia ahiana hisy fihenana io taha io ary ho tonga eto anivon'ny Parlemanta ny Minisitery hitondra fanitsiana. Manaraka izany dia "En ligne" avokoa ny fanaovana "déclaration" rehetra ary efa misy ny fiaraha-miasan'ny "DGI" sy ny "douanes". Ny fisian'ny fanaovana hosoka amin'ny "déclaration" dia mahavoasazy 40%-n'ny hetra tokony haloa ary efa miezaka ny Ministery amin'izao manao "fiscalité juste".

20-Afaka manazava bebe kokoa mikasika ny tsy famoronana hetra vaovao sy tsy fampiakarana izany ve ny teknisiana?

Tsy hamorona hetra vaovao ny Fanjakana ankoatr'ireo efa misy ary ireny ihany no ampiharina.

21-Inona marina no voalazan'ny "Code des Impôts » mahatonga ny fiakaran'ny hetran-trano alain'ny Kaominina?

Ny Kaominina no mampiakatra ny hetran-trano fa tsy ny "Code des Impôts" ary miankina amin'ny "valeur locative" no ikajiana izany. Tsy mitovy mihitsy ny hetra alaina amin'ny trano any amin'ny Kaominina ambanivohitra sy ny Kaominina andrenivohitra.

22-Tsy hanano-sarotra ny Kaominina amin'ny famorian-ketra (IFPB) ve ny fisian'ny tanàna mitsitokotoko?

Tsy hanano-sarotra ny Kaominina ny famoriana izany satria efa misy ny fanaovana "géolocalisation" amin'ny alalan'ny "drône" ary ny DGI ihany no manao ny "homologation".

23- Misy hetra aloa ve ny fananganana fikambanana?

Tsy mandoa hetra ny Fikambanana fa tsy maintsy mametraka tatitra ara-bola na "rapport financier" sy tatitra arak'asa na "rapport d'activité" mba hahalalana ny fomba nampiasany ny volany. Raha fikambanana mampiasa vola na manarama olona kosa dia mandoa IRSA ho an'ny olona miasa.

24- Tena 250.000.000 ariary ve ny CIAD raha akàna ilay 8% izay "retenu à la source"?

Ny 8% "retenu à la source" dia tsy alaina amin'ny vola CIAD izay mitentina 250 000 000 ariary fa alaina any amin'ny orinasa nahazo ilay tolotr'asa.

25- Ahoana ny mahakasika ny famoahana "saphir" sy ny fomba fiasan'ny Faditseranana?

Amin'ny alalan'ny karazany, ny habetsany, ary ny fihavian'ny entana no hamaritana ny haba aloa amin'ny "saphir". Marihana fa ny fanaovana filazana diso na hosoka amin'ny fanambarana momba ireo voalaza ireo dia mahavoasazy.

26- Aiza ho aiza ny fifanarahana amin'ny "GasyNet"?

Ny fifanarahana'ny Fanjakana Malagasy sy ny orinasa SGS (Société Générale de Surveillance) no niteraka ny "GasyNet", ny fanjakana dia manana ny anjarany 30% ary ny SGS dia 70%. Ny tsy fananan'ny Fanjakana Malagasy ireo fitaovana fanaraha-maso hari-fomba no nahatonga ny fiaraha-miasa ho fanatsarana ny fitantanana sy hisorohana ny gaboraraka. Ny "GasyNet" no nanao ny fanombanana sy namoaka ny lanjambidin'entana fa amin'izao fotoana izao kosa dia ny Faditseranana no mamoka tanteraka ny lanjambidin'entana fa tsy ny GasyNet intsony. Tsy maintsy atao miandalana ny fisitahana amin'ny "GasyNet" mba hisorohana amin'ny fikorontanana. Tanjona ny hanaovana ny 100% scanning manomboka amin'ny taona ho avy ka voakasik'izany avokoa ireo seranan-tsambo rehetra. Efa miroso amin'ny fametrahana izany ny Faditseranana ankehitriny, toy izany koa ny fametrahana ny "guichet unique" izay iarahana amin'ny sehatra tsy miankina.

27- Aiza ho aiza ny fanalefahana haba alaina amin'ny "gaz butane" fa toa miakatra indray ny vidiny eny an-tsena?

Ny TVA momban'ny "gaz butane" no nahena fa tsy mbola nokitihina ny habatseranana saingy azo eritreretina ihany ny hidirana amin'izay raha toa ka ilaina.

28- Inona ny antony nahatonga ny fametrahana "droit d'accise" mahakasika ny fampidirana fiara efa niasa?

Ny "droit d'accise" dia tantanan'ny hetra fa tsy ny Faditseranana. Manatanteraka ny voalazan'ny Sampandraharahan'ny Hetra mahasika ny "droit d'accise" ihany no ataon'ny Faditseranana.

29- Inona no azon'ny Faditseranana atao mba hanaovana "compensation" manoloana ny fiakaran'ny "fret" izay miteraka fiantraikany mivantana amin'ny vidin'entana any amin'ny tsena anatin'ny?

Ny fiakaran'ny "fret" dia trangan-javatra mandalo arakaraka ny tolotra sy ny tinady. Manomboka midina izy io ary hiverina tsikelikely amin'ny tokony ho izy. Koa amin'ny maha trangan-javatra mandalo azy dia sarotra ny hanaovana "compensation" azy.

30-Azo atao ve ny fanalefahana ny habantseranana alaina amin'ireo entana na fitaovana anaovana asa sosialy, indrindra fa ireo fitaovana entin'ireo Solombavambahaoka manao izany?

Azo heverina ny hanalefahana ny haba alaina amin'ireo entana na fitaovana anaovana asa sosialy saingy tsy maintsy manaraka fepetra izany. Mba tsy hampisy fatiantoka ara-ketra dia "prise en charge" no hatao ka ny Filankevitry ny Minisitra irery ihany no afaka manao izany toy ireo aro vava-orona hiarovana manokana amin'ny COVID 19, izay efa tsy tataovana haba intsony.

31- Fa maninona no nakarina 20% ny tahan'ny habantseranana alaina amin'ny "bondillons" ato amin'ity Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ity taona 2022 ity. Hita mantsy fa mitondra famoronana asa ny orinasa mikirakira ireny "bondillons" ireny ary tsy tokony ho sokajiana ho "produits semi-finis" izy ireny raha ny Lalàna 2017-047 "sur le Développement de l'Industrie" no jerena?

Misy lafiny ara-teknika sy ara-politika ny namaritana io taha 20% io. Eo amin'ny lafiny ara-teknika dia mifototra amin'ny fanasokajiana ny "lignes tarifaires", izany moa dia nampifanarahana amin'ny zava-misy eran-tany ka ho an'ny Nosy Maurice manokana ohatra dia tafakatra 35% ny habantseranana alaina amin'ny "bondillons". Eo amin'ny lafiny ara-politika kosa, natao hifanindran-dalana amin'ny tanjon'ny Fitondram-panjakana momba ny "industrialisation" ity fampakarana 20% ity mba hamelo-maso ny orinasa sy ny famokarana eto an-toerana.

32-Afaka mandeha ve ny PIC 3, kanefa mbola misy tsy vita ny PIC 2?

Eny, afaka mandeha ny PIC 3 na dia mbola tsy vita aza ny fanantanterahana ny PIC 2. satria misy faritra vaovao misitraka ny tetikasa tao anatin'ny PIC 3.

33-Inona ny mahatonga ny ao amin'ny Zandarimaria tsy afaka manao "engagement" amin'ny resaka PIP?

Manana "budget nouveau projet Emergent" na NPE izy ireo. Miankina amin'ny fanomezan-dalana avy amin'ny Filan-kevitra ny Minisitra no ahafahana mampiasa izany. Rehefa mahazo io alalana io ny Zandarimaria vao mahazo manao "engagement" .

34-Inona ny fepetra raisin'ny Fanjakana mahakasika ny fampiakarana ny karaman'ny mpiasam-panjakana satria efa tsy maharaka ny vidim-piainana intsony ny karaman'izy ireo?

Hisy ny fikaonan-doha iarahan'ny ministeran'ny Toekarena sy ny Tetibola sy ny ministeran'ny Asam-panjakana sy ny Lalàna sosialy ka hisy ny volavolan-dalàna iarahan'ny roa tonta izay entina ety amin'ny Antenimierampirenena amin'ny Fotoam-pivoriana manaraka.

35-Inona ny antony mahatonga ny Kaominina maro tsy afaka manantanteraka fandanim-bola ao aminy?

Maro ny antony mahatonga izany toy ny tsy fananan'ilay Kaominina vola na ny tsy fisian'ny "fonds libres" ao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana, na ihany koa ny tsy fahatomombanan'ny antontan-taratasy mifandraika amin'ny fandaniana ka miteraka fahatarana amin'ny famoahana ilay vola na tsy fahazahoana azy mihitsy. Marihina anefa fa efa misy ny fampiofanana ireo ben'ny Tanana mahakasika ny fikirakirana ireo antontan-taratasy fandanim-bolam-panjakana.

36- Aiza no ahitana ireo pitsopitsony mahakasika ny “redevance” ao amin’ny “cadre I”?

Efa misy “logiciel” efa homanina entina manatanteraka ny fikirakirana ny antonan’isa momba izany. Tsongaina manokana ato ny “recouvrement” ny “redevance” avy amin’ny jono izay mitentina 10 miliara ariary, avy amin’ny harena ankibon’ny tany izay mitentina 21 miliara ariary ary 36 miliara ariary ny “frais administratif”.

37- Inona ny tena dikan’ny “réévaluation du stock de la dette” izay hita ao amin’ny fandanianana ao amin’ny « cadre I » ?

Ny « réévaluation du stock de la dette extérieure » dia famaritana ny trosan’ny firenena malagasy izay jerena miaraka amin’ny sandan’ny ariary amin’ny faran’ny taona. Araka izany dia mety hiakatra io « stock de la dette » io araka ny fiakaran’ny sandan’ny ariary. Ankehitriny dia 4 033 tapitrisa dolara ny « stock de la dette » malagasy amin’izao fotoana izao. izao. Eo ihany koa ny findramam-bola nataon’ny fanjakana amin’ireo tetikasa goavana ka nampiakatra azy io, toy ny tetikasa SAHOFIKA.

38- Afaka ampiana fanazavana ve ny antony nanaovana ny trosa mameno ny banga ao amin’ny “cadre I” satria miteraka ahiahy izany?

Efa misy ny fanadihadiana ataon’ny ministera vao afaka mitrosa ny Firenena amin’ny alalan’ny “analyse de la soutenabilité de la dette”. Efa miezaka ihany koa ny Fanjakana malagasy mitrosa amin’ireny “prêt concessionnel” izay amin’ny taha ambany ireny

39- Inona ny vahaolana azo entina mahakasika ny fandoavana ny fisotroan-dronon’ireo be antitra ireo mba tsy hampijaly azy ireo intsony?

Efa misy ny ezaka ataon’ny ministera toy ny fiaraha-miasa amin’ny DGFAH mahakasika ny fanamorana sy ny fanafainganana ny fandoavana izany.

40- Tsy ahiana ve ny tsy fahampian’ny fandoavana ny fisotroan-dronono raha ampiharina ny “politique de planification familiale” satria izy io dia hampihena ny isan’ny olona handoa latsakemboka?

Efa misy ny paikady ahafahana manena tsikelikely ny fatiantokin’ny kaontin’ny fisotroandronono. Ohatra amin’izany ny fanitarana ny taona handehanana misotro ronono ho 62 taona. Misy ihany koa ny vinavina hamindrana ireo mpandoa latsakemboka tany amin’ny CNAPS ho any amin’ny Caisse de Retraite Civile et Militaire (CRCM).

41- Aiza ho aiza ny fanantenana amin’ny fandoavana ny volan’ireo mpandraharaha nahazo tsenam-barom-panajakana ahafahan’izy ireo mandoa hetra?

Miankina amin’ny fahatongavan’ny antontan-taratasy no ahafahana mandoa azy io. Marihina fa ny 8%-n’ny vola azo dia alain’ny Fanjakana handoavana ny hetra fa ny 92% no mankany amin’ireo mpandraharaha.

42- Hisy ve ny fampisondrotan-karama amin’ny taona 2022?

Ny fisondrotan-karama dia miandry ny fanapahan-kevitra ny Filoham-pirenena sy ny Praiministra.

43- Manao ahoana ny “situation budgétaire” amin’izao fotoana izao?

Amin’izao fotoana izao dia 66 % ny « taux d’exécution budgétaire ».

44- Manao ahoana ny mikasika ny OGT (Opérations Globales du Trésor) ?

Mikasika ny OGT dia vonjy maika ny volana Aogositra fa mbola eo ampanatanterahana ny tena izy ny teknisiana amin'izao fotoana izao.

45- Ahoana no momban'ny TDB (Trade and Development Bank) sy ny SPM (State Procurement of Madagascar)?

Momba ny SPM sy TDB dia misy ny dingana maromaro arahina, ka ny “comité technique de la dette”, no manao ny fanadihadiana manokana momba ny fampindramam-bola (analyse de la dette), io fanadihadiana io no mamaritra ny fahafahana na tsia ny findramam-bolan'ny Fitondrana malagasy ;

46- Toa mbola misy vola tsy voalao ny kianja Barea, ahoana ny mikasika izany?

Momba ny kianja Barea, dia famatsiam-bola malagasy 100%, misy ny fanitsiana ara-teknika vitsivitsy andrasana amin'ireo orinasa sinoa, ka miandry ireo fanitsiana ireo vao mandoa ny vola farany. Nisy fenitra sy kalitao notakiana tamin'ireo orinasa ka dia andrasana ny fanatanterahan'izy ireo izany.

47- Tafiditra ao anatin'ity volavolan-dalàna ity ve ny fanamboarana ny lalana RN10, RN13, RN14, Tsiroanomandidy-Maintirano?

Ny fanamboaran-dalana tsy tafiditra ao anatin'ity teti-bolam-panjakana 2022 dia tsy midika fa tsy hojerena amin'ireo ‘Projet d’Aménagement Routier’, fa ny Solombavambahoaka dia afaka mankany amin'ny ministeran'ny Asa Vaventy mangataka ny fanatanterahana izany. Azo eritreretina kosa ny hampidirana azy ireo ao anatin'ny NPE na “Nouveaux Projets d’Emergence”. Ny FER koa anefa dia efa manana koa ny programany momba ny fanamboarana lalàna.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandanianana ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 momba ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2022 ny mpivory.

Tsara anefa ny manamarika fa nitondra fanitsiana miisa 2 ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola: ny famerenana ny taha alaina amin'ny “bondillons” ho 10% mba hisorahana ny fiakaran'ny vidim-piainana ary ny fanakisahana ny “garantie à l’importation des PPN” izay omena ny mpandraharaha sasantsasany. Ny fanakisahana io “garantie” io dia miteraka fanovàna ao amin'ny andininy faha-6 ao amin'ny Volavolan-dalàna. Miteraka fiovana ihany koa izany any amin'ny andininy faha-14 sy faha-15 ka apetraka amin'ny ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ny rindran-damina mifandraika amin'izany.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

- Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-2: Fehezan-dalàna momba ny Hetra: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-3: Faditseranana: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

II- FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY VOLAVOLAN-DALANA MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA HO AMIN'NY TAONA 2022:

- Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-5: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

- Andininy faha-6: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-12: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-13: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-15: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

III- FEPETRA MANOKANA

- Andininy faha-16: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-17: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-18: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-19: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-20: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-21: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-22: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Araka izany dia nolanian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2022 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana ny alatsinainy faha-22 novambra 2021 tamin'ny 12 ora sy sasany atoandro ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

TOVANA

VERSION ORIGINALE

Article 3 : Douanes

2- Catégorisation et remise à niveau de quelques lignes tarifaires :

CODE_SH	DESIGNATION DES PRODUITS	AU LIEU DE	LIRE
.....			
3401.20 10	- - - Bondillons et copeaux	10	<u>20</u>

Article 6 :
TABLEAU DE REPARTITION PAR INSTITUTIONS ET MINISTÈRES

En milliers d'Ariary

			FONCTIONNEMENT			INVESTISSEMENT			
INSTITUTIONS / MINISTÈRES	SOLDE	Indemnités	Biens et Services	Transferts	S/TOTAL	Extérieure	Intérieure	S/T	TOTAL
.....								...	
MINISTÈRE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES				<u>1 272</u> <u>737 205</u>				...	<u>2 672 90</u> <u>2 978</u>
.....								...	
TOTAL				<u>1 864</u> <u>942 182</u>				...	<u>11 143 5</u> <u>55 705</u>

VERSION

Article 3 : Douanes

2- Catégorisation et remise à niveau de quelques lignes tarifaires :

CODE_SH	DESIGNATION DES PRODUITS
.....	
3401.20 10	- - - Bondillons et copeaux

Article 6 :
TABLEAU DE REPARTITION PAR INSTITUTIONS ET MINISTÈRES

En milliers d'Ariary

			FONCTIONNEMENT		
INSTITUTIONS / MINISTÈRES	SOLDE	Indemnités	Biens et Services	Transferts	
.....					
MINISTÈRE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES				1 073 942	
.....					
TOTAL				1 073 942	

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoatra tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha dia niroso tamin'ny fanamarihana sy fanintsiana izany ny mpivory.

Ireto ny Solombavambahoaka nanao izany: Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore, nambarany fa hisy fehin-kevitra hovakiany raha azo atao rehefa avy eo.

Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth, kosa nilaza fa tsy tafiditra ao amin'ny tatitra ny anarany.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Fanentanana ny rehetra amin'ny fanohizana hatrany ny fihetsika ho fiarovana amin'ny valan'aretina "Covid-19" no nambarany voalohany satria samy tomponandraikitra amin'ity firenentsika ity isika rehetra, ka tsy afaka ny hifanilika sy hifanome tsiny raha sanatria ka miverina mihanaka indray ny valan'aretina.

Isaorana ny Mpampakatenin'ny Vaomiera namaritra ny adihevitra izay natao ho fandalinana ity volavolan-dalàna ity araka ny tatitra novakiana teo.

Anisan'ny nivoitra tamin'ny adihevitra tao amin'ny asam-baomiera ny resaka hetra: hetra anatin'ny (impôts) sy ny "douanes".

Nambarany koa fa zon'ny Antenimierampirenena ny mitondra fanitsiana momba ny volavolan-dalàna saingy nampahatsiahiviny koa ny tokony hampifanandrifiana izany amin'ny lalàna iraisam-pirenena (organisation mondiale des douanes) izay nankatoavin'i Madagasikara.

Natao isan'andaniny koa ny fampiakarana ny haba amin'ny bolabolan-tsavony. Izany hoe, tao ny fitsinjovana ny orinasa eto an-toerana no sady manova ny lafiny "cadre macro-économique" rahateo koa izany.

Mikasika ny vola 200 miliara Ariary natokana hanafarana ny PPN indray dia voasokajy ao amin'ny fandania, ka nfindra any amin'ny petrabola antoka. Tsy mametraka olana amin'iny izahay, fa tsara ny ahafantarantsika fa vola tsy azontsika ampiasaina izy io, fa natokana ho antoka amin'ny hanafarana entana satria mitovy amin'ny manao petra-bola tsy misy antoka ihany isika raha tsy mifanaraka ny vidin'entana afarana sy ny vola antoka.

Ny fisian'ny fanovàna nentinareo dia nanaporofa fa nanam-potoana nandiniana izay tokony ho novaina ianareo.

Mety ho vokatsoa ny fahatongavan'ity volavolan-dalàna ity taloha tety amin'ny Antenimierampirenena, koa isaorana ianareo tamin'ny ezaka nataonareo nandinika azy. Mino izahay fa hitondra fandrosoana haingana ho an'ny Firenena ny fanovàna nentinareo Solombavambahoaka tato anaty volavolan-dalàna. Ianareo koa mahafantatra tsara ny hetahetam-bahoaka izay nifidy anareo ary ianareo no nametrahany ny fitokisany.

Eo antrehan'izany, manentana ny Solombavambahoaka mba handany ity volavolan-dalàna ity amin'ny endriny nandrafetana azy ary izany dia hatao ampitoniana sy amin'ny firahalalana.

Taorian'izay, nitondra fanitsiana vitsivitsy mikasika ny tatitra, Ramatoa Minisitry.

Marihana fa efa eo amin'ny tatitra eo ambony ireo fanitsiana ireo.

Rehefa izany, nangataka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, mba hihainoana ny fanehoan-kevitra nataony nandritra ny asam-baomiera mialohan'ny hirosoana amin'ny adihevitra ankapobeny satria mifanaraka tsara amin'ny voalazan'ny lalàna ny hampidirana izany fehin-kevitra izany ao anatin'ny tatitra.

Nisy fampitam-baovao nataon-dRamatoa Filoha, taorian'izay; nambarany fa misy mpianatra avy amin'ny Anjerimanontolon'Antananarivo, sampana tantara tonga manatrika izao fivoriana izao. Nirary soa ho azy ireo ny tenany amin'ny fianarana izay ataon'izy ireo.

Taorian'izay, niangaviany, Ramatoa Minisitra, mba hitondra fanampim-panazavana mikasika ity volavolan-dalàna ity. Nangataka anefa, Ramatoa Minisitra, ny hirosoana avy hatrany amin'ny adihevitra satria efa maro ary nazava ny fanazavana nandritra ny tatitra novakiana teo.

Rehefa izany, nomena fitenenana hamaky ny fehin-kevitra nataony Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, Filohan'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana, ka toy izao ny fivakin'izany:

Fanehoan-kevitra ny Vaomiera misahana ny fanombanana ny politikam-panjakana

Nanomboka tamin'ny Alakamisy faha-18 Novambra, ny Zoma, Sabotsy ary omaly Alatsinainy ny asam-baomiera nandinihana sy namoaboasana ny volavola tetibola-panjakana, taona 2022. Hanambara ny fijeriny no anjaran'ny Vaomiera misahana ny fanombanana ny politikam-panjakana, koa indro atolotra eto izany.

1. Eo amin'ny firafitrany

- Mankasitraka ny fahatongavan'ny volavolan-dalàna mialoha, ka nahafahana namakafaka azy tao anatin'ny fotoana ampy.
- Tsapa ihany koa fa misy ezaka ho mangarahara, ka nentina teto ny antontan-kevitra sy ny fanazavana feno dia feno nahatongavana amin'izao tetibola izao. Noho izany, safidy am-piheverana no horaisina eto ary tombony amin'ny tatitra tsy maintsy atao amin'ny vahoaka ireny fanazavana ireny.
- Eo amin'ny firindrana ankapobeny, raha nodinihana ny lasitra fohy ezaka (cadre à moyen terme) dia voamarika fa mila tomorina ireo lasitra lojika mba hifanandrify tsara ireo tanjona sy masontsivana na ireo mari-pandrefesana (indicateurs). Ireo tokoa no iaingan'ny lalan-tsaina andrafetana ny tetibola ka mety hiteraka tsy fahatomombanana na tsy fahatratrarana ny tanjona kendrena raha tsy mipetraka tsara.
- Misy tsy mifanandrify koa ireo tarehy marika indraindray “net”, indraindray “brut”, na indraindray misy elanelana tsy fantatra ny ifotorany teo amin'ny votoatin'ny lalàna sy ireo fanazavana. Ilaina ampitovina ireny, mba ho tsara petraka ny fandalinana sy ny tsoa-kevitra.

Mino izahay fa hanampy amin'ny fanatsarana sy fanitsiana ny tetibola manaraka, ireo fanamarihana ireo.

2. Eo amin'ny ventin-kevitra

- Satria mafy ny fiantraikan'ny valan'aretina «Covid-19» sy ny fiovaovan'ny toetr'andro dia ny sehatra sosialy no iompanan'ny fandanianana be indrindra ary rariny izany mba hitsinjovana ireo sahirana amin'ny alalan'ny fiahiana ara-tsosialy, mba hanatsarana ny fanabeazana sy ny fahasalamana ary hampitomboana ny famatsiana rano.
- Raha sosialy no resahana dia hisy ny fampidirana mpiasa-mpanjakana mihoatra ny 20 000, fa ny famoronana asa no tsy mbola hita taratra na dia hitombo aza ny fampiasam-bola (investissemens) na vola Malagasy madiodio izany, na vola notrosaina tamin'ireo mpiara-miombon'antoka.
- Hisy ny tosika ho an'ny fambolena hikendrena ny fahavitan-tena ara-tsakafo, hiakatra ny fanondranana akora tena ilain'ny indostria maneran-tany; ankehitriny dia ny “graphite” sy “cobalt” ho fanampin'ireo akora hafa efa fanondrana teo aloha. Saingy mbola tsy mahafehy ny fanodinana izany isika ary mbola tsy mirona amin'izany.
- Anisan'ny seha-pihariana heverina fa hanarina ny toekarena koa ny fizahantany ary anisan'ny nibaby fahasahiranana be noho ny valan'aretina kanefa tsy tsapa sy hita mazava ny fiahiana azy io.
- Betsaka ireo fanamboaran-dalana, fa mbola maro ny Distrika mijoboka (enclavés) no mbola mila tsinjovina.
- Fanamby lehibe ny fampiakarana ny tahan'ny tsindrin-ketra ho 11,7% ary fahasahianana lehibe ny fanatanterahana izany. Ny “digitalisation” no anisan'ny fomba hahatratrarana izany saingy tsy maintsy hisy koa ny fiantraikany amin'ny seha-pandraharahana sasantsasany, toy ireo sehatra afakaba sy ny fivarotana “pâtes alimentaires”. Izany no natao dia mba hiarovana ny tsy hiakaran'ny vindim-bary. Zava-dehibe loatra izany.
- Misy ihany koa ny fiheverana fa tokony harovana tsy hiakatra ny vidin-tsavony, ka tokony hajanona amin'ny tahany ankehitriny aloha ny tatao-ketra hampiharina aminy, fa kosa mila fandrindrana amin'ny ho avy ny momba io seha-pamokarana io.
- Na dia efa nolaniana soa aman-tsara tamin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohany teo ny politikam-mpanjakana ho an'ny fitsinjaram-pahefana dia tsy hita taratra eto izany, ka famatsiana 2 lavitrisa Ariary isaky ny Governora sy fampiakarana ny “subvention” an'ireo Kaominina no voalaza ato, fa ireo rafitra faritan'ny Lalàmpanorenana ka anisan'izany ireo filankevi-paritra misy ireo Solombavambahoaka dia tsy mbola hampiharina eto. Io anefa no fomba ahafahana mampita mivantana sy ara-dalàna ny filan'ny isam-paritra.
- Io fampandrosoana isam-paritra io koa no nisintonana ny sain'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mba hihevitra sy hitady vahaolana mahomby hisian'ny fifandanjana isam-paritra sy isaky ny Distrika amin'ny alalan'ny fepetra fifampitsinjarana mifanentana (dispositif de péréquation) izay voalazan'ny Lalàmpanorenana ao amin'ny **and. 140**.

Ambara eto ary ankasitrahana manokana ny fifampihainona ka nisian'ny fampanantenana ny hijerena an'izany amin'ny ho avy.

3. Fehiny

Eto ampamaranana dia deraina ny ezaka nahafahana namoaka ara-potoana ity volavola tetibola, taona 2022 ity, izay vokatry ny asa am-bolana maro nanomboka ny volana Febroary ka hatramin'izao. Asa be sady sarotra, kanefa tontosa noho ny fahavononana sy ny fandraisan'andraikitry ny tsirairay.

Mankatelina ihany koa ny finiafana hitsinjo ireo vahoaka sahirana, indrindra ireo any amin'ny Faritra Atsimo. Toy izany koa, ny fiarovana ny tsy fiakaran'ny vidim-piainana tafahoatra.

Tsy lafatra ity tetibola entina holaniana eto ity kanefa heverina fa mifanahatsahana amin'ny zava-misy eto amin'ny firenena sy maneran-tany ary manaja ireo fepetra fandrafetana izany, koa mampandany azy mba ho amin'ny fomba demokratika sy araka ny fitsinjarana andraikitra isaky ny Andrimpanjakana no ananana azy.

Farany maneho etoana izahay, fa ny Vaomiera misahana ny Fanombanana ny PolitikaM-mpanjakana dia mihevitra sy mikatsaka mandrakariva ny fahombiazan'ireo politikam6panjakana mba hitondra fanatsarana ho an'ny fiainan'ny Malagasy, ka hiantefa amin'ny tokony ho izy ny ezaka rehetra atao, mba hahatratrarana ireo tanjona fampandrosoana andrandraintsika mpiray tanindrazana.

Rehefa izany, nisaotra an-dRamatoa Solombavambahoaka, tamin'ny famakiany ny fehin-kevitra, Ramatoa Filoha.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ny mpivory.
Ireto avy ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana nandritra izany:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- VELONTSARA Paul Bert
- RAHASIMANANA Paul Bert
- RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges
- DARKHOU Siritis
- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- FIAROVANA Lovanirina Celestin
- DINAH Romual
- IDEALSON
- RAZAFINANDRASANA Raulan
- MOHAMAD Amhad
- RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- RATSIRAKA Iarovana Roland
- ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy
- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- RABENARY Jean
- PEPIN Michou
- EDIZARD
- RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Johnny
- RAZAKANDRAINY Henri Domonique
- RAJOELINA Andriami-harimanana Seth
- RAKOTONDRAVAO Georges
- RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- TSABOTOKAY Honoré
- VONINAHITSY Jean Eugène

- MAMIHAJA Charlot
- RAKOTOMALALA Miarintsoa A
- RAKOTARISOA Rasoava Rija Jean
- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- MILAVONJY Andriasy Philobert
- ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- RATSIVAHINISOLO Andriniony
- RAJAABELINA Lova Herizo
- RAMAROSON Bonaventure
- RANDRIANASOLO Augustin
- RAKOTOARIMANANA Patrice
- HENRI Jean Michel

Toy izao ny famintinana ireo fanontaniana nisongadina tamin'izany:

Mikasika ny Volavolan-dalàna amin'ny ankapobeny

Maro tamin'ireo Solombavambahoaka no nitovy hevitra, fa nisy fiovàna ny fomba fiasa teo amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola satria tonga ara-potoana teto amin'ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna mikasika ny tetibolam-panjakana, taona 2022, ka afaka nandinika tsara izany ny Solombavambahoaka sy ny asam-baomiera.

Nambaran'ny Solombavambahoaka koa, fa sarotra ny nahazoana ny «équilibre budgétaire» noho ny fisian'ireo «paramètres» maro tsy azo fehezina noho ny valan'aretina «covid-19». Nanolotra fisaorana ho an'ireo teknisiana ao amin'ny Minisitera izy ireo ary nifanentana mba handany ny volavolan-dalàna avy hatrany.

Tao koa anefa ny Solombavambahoaka sasany nanamarika, fa 5 andro fotsiny no nahatongavan'ity volavolan-dalàna ity teto amin'ny Antenimierampirenena, kanefa ny lalàna milaza fa tokony ho 30 andro mialoha. Noho izany, tsy ampy ny fotoana tokony handiniana azy tsara.

Nisy Solombavambahoaka koa nanambara, fa tena mitsinjo ny sosialim-bahoaka tokoa ity Volavolan-dalàna ity ary manaporoko an'izany ny fampiakarana hatramin'ny 368 Miliara Ariary ny tetibola natokana ho an'ny sosialim-bahoaka. Efa iarahana mahalala koa ny fitsinjovana ara-tsosialy ny Faritra Atsimo izay anjakan'ny tsy fanjarian-tsakafo sy hain-tany. Milaza izany fa mifampitsinjo tokoa isika Malagasy.

Momba ny tetikasa PIC2.2 kosa, nangataka ny hampidirana ny anaran'ireo Distrika tokony hisitraka izany ao amin'ny Tetibolam-panjakana ny Solombavambahoaka mbola nahitana ny tetikasa.

Tao koa ireo Solombavambahoaka nangataka ny hanomezana fanazavana momba ny “conseiller financier” hiasa eto Madagasikara.

Tao koa ireo nangataka fanazavana mikasika ny «budget sans destination précise» izay mitentina 6% amin'ny volam-panjakana kanefa tsy fantatra mazava hoe iza no hitantana azy sy ny hanaovana inona.

Nanamarika koa ny Solombavambahoaka, fa mitentina 607 miliara ariary ny vola kasain'ny Minisitery hampidirina isam-bolana vao ho tratra ny vina napetraka ao anaty tetibola. Raha mitentina 473 miliara ariary no vola tratra; tsy fantatra indray hoe iza no homena tsiny kanefa isika amin'izao fotoana izao dia mbola miaina ao anaty krizy tanteraka.

Nisy nilaza koa fa hadinon'ny Minisitery ny nanao ny sora-bola hoenti-mamokatra, fa nalefa any amin'ny fanaovana fotodrafitrasa avokoa ny vola. Tsy ho tratra ny tanjona hampiakarana ny "taux de croissance" ho 5,4% raha izay no zava-misy. Noho izany, nisafidy ny tsy handany ity Volavolan-dalàna ity ny Solombavambahoaka avy ao amin'ny Vondrona Parlemantera TIM.

Mikasika ny hetra alaina amin'ny savony

Nizara roa ny hevitr'ireo Solombavambahoaka momba azy io. Tao ireo nankasitraka ny fampiakarana ny hetra ho 20%. Tao koa ireo nitsipaka izany.

Ho an'ireo nanaiky ny fampiakarana ny hetra, nambaran'ny Solombavambahoaka fa efa tamin'ny "législature" teo aloha no nisy fikasana hampiakatra ny hetra alaina amin'ny savony saingy tsy tontosa izany. Notsipahan'ny Solombavambahoaka izany tamin'ny fotoan'androny kanefa tsy nahasakana ny fiakaran'ny vidin'ny savony teny an-tsena akory. Izay no mahatonga azy ireo hanaiky ny fampiakarana ny hetra alaina amin'ny savony. Nambaran'izy ireo koa fa tsy misy olona afaka manome toky, fa tsy hiakatra intsony ny vidin'ny savony raha tsy hampiakarina ny hetra alaina aminy. Noho izany, aleo ampiakarina io hetra io mba hampitombo ny vola miditra ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana.

Ho an'ireo Solombavambahoaka nitsipaka kosa, tao no nilaza fa fitaovana ilain'ny olona amin'ny andavan'androm-piainany ny savony. Azo antoka fa hiakatra ny vidiny raha toa ampiakarina ny hetra alaina aminy. Hiteraka fahasahiranana ho an'ny vahoaka izany, indrindra amin'izao vanim-potoana anjakan'ny valan'aretina "covid-19" izao izay tokony hanasa tànana matetika amin'ny savony ny vahoaka Malagasy. Noho izany, tsy tokony hampiakarina aloha ny hetra alaina aminy satria hisy fiantraikany mivantana amin'ny fiainan'ny vahoaka ny fiakaran'ny vidin'ny savony. Nambaran'izy ireo koa, fa efa nampanantena ny Filohampirenena fa hampidinina avokoa ny vidin'ny PPN eto amintsika koa raha ampiakarina ny hetra alaina amin'ny savony dia hiakatra ihany koa ny vidiny eny an-tsena.

Mikasika ny hetra alaina amin'ny "pâtes alimentaires"

Maro ny Solombavambahoaka no nangataka ny tsy hampiakarana ny hetra alaina amin'ny "pâtes alimentaires" satria hipaka any amin'ny vilanin'ny vahoaka raha miakatra ny vidiny. Nambaran'izy ireo fa mitovy sokajy amin'ny vary ny "pâtes" amin'izao fotoana izao, ka hanahirana ny fikitihana azy. Nambaran'izy ireo koa, fa fototsakafo faharoa aorian'ny vary ny "pâtes" raha ny sakafon'ny Malagasy no dinihana, ka mety tsy ho ampy sakafo ny vahoaka raha ampiakarina ny vidiny.

Mikasika ny “bondillons”

Nanambara ny Solombavambahoaka, fa efa misy lalàna mifehy azy io. Rehefa “produits finis” rehetra dia tokony hitovy avokoa ny hetra alaina aminy ary efa ela ireo orinasa mpamokatra savony ireo no nahazo tombony, indrindra tamin’ny nidiran’ny valan’aretina «covid-19» teto amin’ny firenena, koa rariny raha ampiakarina ny hetra alaina amin’ny «bondillons».

Nambaran’ny Solombavambahoaka koa, fa tsy tokony ho lafo noho ny vidin’ny vokatra avy any ivelany ny vokatra eto an-toerana satria tokony hotsinjavina hatrany ny orinasa eto an-toerana. Toa tsy izany anefa no hita amin’izao fotoana izao ary misy zavatra tokony hojerena ao satria mety hisy orinasa hanao fanararaotana.

Nisy tamin’ny Solombavambahoaka kosa no nitsipaka ny hetra alaina amin’ny “bondillons” satria hampijaly ny vahoaka madinika ny fampiakarana azy io.

Mikasika ny CIAD sy ny CLD

Maro tamin’ny Solombavambahoaka no nangataka ny hampiakarana ny CIAD satria tsy ampy hampiasaina ny vola 250 000 000 ariary azo amin’izao fotoana izao. Io vola io koa no ahafahana manao fotodrafitrasa any amin’ny Distrika ary ny Solombavambahoaka ihany koa no mahafantatra izay zavatra ilain’ny vahoaka any ifotony.

Nisy Solombavambahoaka nangataka ny tsy hampitoviana ny volan’ny CIAD izay omena isaky Distrika. Ny antony, amin’izao fotoana izao, mitovy ny vola omena ny Faritra ahitana Distrika miisa 3 sy ny vola omena ny Faritra manana Distrika miisa 9. Noho izany, tokony hampitomboina ny vola omena ny Faritra ahitanana Distrika maro amin’izay mitovy ny fampandrosoana misy isam-paritra sy isaky ny Distrika.

Nisy Solombavambahoaka nanome sosokevitra, fa tokony hampidirina ao amin’ny “critère” ny fandrosoan’ny Distrika, ka miankina amin’izay no hanomezana ny vola any amin’ny Distrika.

Mikasika ny RANO

Nangataka ny hitsinjavana manokana ny tontolo iainana ny Solombavambahoaka satria ny tsy fisian’ny rotsak’orana no antony tsy maha ampy ny rano amin’izao fotoana izao.

Nambaran’ny Solombavambahoaka koa, fa zava-dehibe eo amin’ny fiainan’ny vahoaka ny rano, ka tokony hojerena akaiky ny tetibola hatokana ho an’ny Minisiteran’ny Rano. Izany hoe, tokony hampiakarina ihany koa ny tetibolany. Tokony tsy handoa hetra koa ny fitaovana ampiasaina amin’ny fahazoana rano. Ohatra amin’izany, ny fanaovana “exonération de TVA sur le matériel de forage”. Nanontany ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ihany koa ny Solombavambahoaka raha toa ampy ahafahan’ny Minisiteran’ny Rano miasa araka ny tokony ho izy ny tetibola nomena azy.

Nilaza koa ny Solombavambahoaka, fa anisan’ny manimba ny tontolo iainana eto Madagasikara ireo orinasa mpamokatra savony satria teknika efa tranainy no ampiasain’izy ireo ka mila kitay maro ary lasa mandripaka ny ala izany. Noho izany, nangataka ny hijerena akaiky izany ny Solombavambahoaka mba hitsinjavana ny tontolo iainana izay efa mihasisimba amin’izao fotoana izao.

Mikasika ny JIRAMA

Nisy ny Solombavambahoaka nangataka ny hanafoanana ny «subvention» omena ny JIRAMA satria maro ny toerana eto Madagasikara, indrindra ny any ambanivohitra, no tsy mba misitraka izany jiro izany akory kanefa ny vola omena ny JIRAMA be loatra. Ny rano koa tahaka izany, vitsy ny mponina no mbola mahazo rano fisotro madio.

Mikasika ny fanondranana volamena

Nambaran'ny Solombavambahoaka, fa harena an-kibon'ny tany ny volamena ka mety ho lany raha ratsy ny fitantanana ny fitrandrahana azy. Koa rariny raha akana hetra ny fanondranana azy.

Nisy tamin'ny Solombavambahoaka koa no nilaza, fa lafo loatra ny taha 15% alaina amin'ny fanondranana azy, ka lasa tsy afaka mifaninana amin'ny volamena any ivelany ny avy eto an-toerana. Noho izany, nisy tamin'ireo Solombavambahoaka no nangataka ny hampidinana io hetra io ho 10%. Notsindriany tamin'izany koa, fa ny “redevence” no tokony hamboarina, fa tsy vahaolana ny fampiakarana ny hetra alaina aminy.

Nangataka ny hanomezana fahafahana na “permis minier” ho an'ireo mpandraharaha hanondrana volamena koa ny Solombavambahoaka satria lasa mitombo ny mpanondrana antsokosoko kanefa tokony hampiditra vola ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana izany.

Taorian'ny fametraham-panontaniana nataon'ny Solombavambahoaka, ny solotenan'ny Governemanta indray no nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana hamaly izany.

Nanambara, Ramatoa Minisitry, fa hifandimby hamaly ny fanontaniana izy ireo ka ny Tale Jeneralin'ny Hetra, no hanomboka izany; manaraka azy ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana ary izy no hamarana azy.

Andriamatoa GERMAIN, Tale Jeneralin'ny Hetra

Teboka efatra no hasiana fanazavana mikasika ny hetra anatin'ny momba ity volavolan-dalàna ity.

Voalohany momba ny “pâtes alimentaires”: tamin'ny taona 2020, ny tenako izaho mihitsy no anisan'ny niady tamin'ny nampidinana ny hetra nalaina tamin'ny “pâtes alimentaires” ho 5% raha toa 20% no hita ao anatin'ny LFI 2022. Natao izany mba hitsinjovana ny vahoaka Malagasy.

Raha ny zavatra tsapanay, ho fiarovana ny valala tsy mandady harona no antony mahatonga anareo Solombavambahoaka mitaky fanazavana bebe kokoa mikasika azy ity.

Nisy taminareo Solombavambahoaka aza nilaza teo hoe: tena asaina mihinana “pâtes” tokoa ve ny vahoaka Malagasy satria nahena ho 5% ny hetra alaina aminy. Raha ny zava-misy, nahena ho 5% izany tamin'ny LFI 2021 saingy nampiakarina ho 20% kosa amin'ity LFI 2022 ity.

Ao ihany koa ireo nilaza fa aleo ajanona amin'ny 5% ihany ny hetra alaina amin'ny “pâtes alimentaires”. Miombon-kevitra aminareo amin'izany izahay avy ato amin'ny Minisitry saingy tsy maintsy misafidy amin'ireo “produits” maromaro misy eto amintsika isika; ohatra ny vary, toy izany ihany koa ny resaka jiro sy ny rano. Rehefa nataonay ny fandinihana, aleo ny “pâtes alimentaires” no ampiakarina ny hetra alaina aminy fa hijaly ny vahoaka Malagasy satria ny vary no foto-tsakafontsika. Mipetraka ny fanontaniana eto hoe “pâtes” ve sa ny vary no hasiana fampiakarana ny hetra alaina aminy.

Mikasika ny jiro sy rano kosa, fantatsika tsara fa tsy tataovana TVA ny “première tranche”-n'ireo zavatra roa ireo. Raha toa mbola hampiharina izany TVA izany, mety hanao ahoana ny fiainana andavan'andron'ny vahoaka Malagasy, indrindra ny vahoaka sahirana.

Izay no antony nandraisana fanahapan-kevitra hoe aleo ny “pâtes alimentaires” no hampiakarina ny tahan’ny TVA.

Faharoa, momba ny orinasa afakaba; be loatra ny fandania ara-ketra na ny “dépenses fiscales” noho ny mahalehibe ny “avantages fiscaux”-n’ireo orinasa ireo. Ny fanapahan-kevitra noraisina dia ny tsy fanafoanana ireo “avantages”-n’izy ireo. Diso ny filazana hoe nofoanana ny “avantages fiscaux”-n’ny orinasa afakaba. “Rationalisation” no natao ary tsy ho voakasik’izany ny orinasa rehetra, indrindra mba tsy hahavery asa ny mpiasa ao aminy. Raha toa nahatratra iray taona na 3 taona na 5 taona dia nahena ho 10 taona ny “franchise”. Izany hoe, mbola mipetraka foana “avantages fiscaux”-n’ireo orinasa ireo, fa ny orinasa vavao hiforona aorian’ny fandania an’ity tetibolam-panjakana, taona 2022 ity no tena voakasika amin’izany.

Fahatelo, mikasika ny “droit d’accise” amin’ny volamena. Harem-pirenena tsy azo havaozina ny volamena, fa rehefa lany dia lany. Ny olana eto amintsika anefa, tsy mba hita mihitsy hoe mankaiza ny vola azo avy amin’izany harem-pirenena izany.

Raha eo amin’ny sehatra iraisam-pirenena no jerena, tsy mandray TVA isika raha toa manondrana volamena any ivelany. Izany hoe, efa very ny 20%, fa ireo firenena manafatra volamena no misitraka azy. Amin’izay maha harena tsy azo havaozina azy izay anefa, rariny sy hitsiny raha toa maka ny anjarany ny firenena Malagasy hanasoavana ny vahoaka. Antony iray nampidirana ny “droit d’accise” izany satria tsy afaka mandray TVA avy amin’ny fanondranana volamena isika.

Tsy marina ny filazana hoe tsy “compétitif” ny volamena misy eto amintsika satria maro ireo firenena hafa tonga eto mitrandraka sy manondrana izany mankany ivelany.

Anisan’ny fitsirihana ny volamena mivoaka eto amintsika ny fampiharana ny “droit d’accise” mba ahafahana manara-maso akaiky ny vokatra avoaka.

Fahefatra, momba ny rano. Raha ny “matériel de forage”, iaraha-mahalala ny olan’ny rano eto amintsika eto Madagasikara.

Horaisina ny tolokevitra naroson’ny Solombavambahoaka namana teo ary hodinihana amin’ny LFI manaraka ny momba azy ireo.

Mikasika ny “sociétés de télécommunication”, efa “déclaratif” ny fakana hetra eto amintsika. Hametraka «unité de communication» amin’ireo orinasa ireo isika ary hasiana «serveur» lehibe ahafantarana ny «unité» miasa amin’ny alalan’ny «communication mobile» na «fixe» na «data» mba ahafantarana ny fampidirana-kevitra amin’ireo orinasa misehatra amin’ny «télécommunications» rehetra.

Taorian’izay, nisaotra tamin’ny fanampim-panazavana nataony, Ramatoa Filoha ary nanome fitenenana ny Tale Jeneralin’ny Faditseranana.

Toy izao no fanazavana nentiny tamin’izany.

Andriamatoa LAIKANA Zafivanona, Tale Jeneralin’ny Faditseranana

Betsaka ny resaka mandeha mikasika ny «bondillons». Marihana fa taty amin’ny Faditseranana no nanao ny “politique tarifaire” momba izany. Nisy ihany koa ny “alignement tarifaire” natao. Anisany tsy niandry i Madagasikara satria tamin’ny taona 2017 dia napetraka ny atao hoe “système de tarification”.

Tamin'ity indray mitoraka ity kosa, nanao “basculement”-n'ny “tarif 2022” izay napetraky ny “Organisation Mondiale de Douane” isika. Fametrahana ny “nomenclature” sy “classement marchandises” no natao ary misy ny “note explicative” ao anatin'izany mba ahafahana mamaritra ireo karazan'entana voasokajy ao aminy. Itovizan'ny firenena rehetra maneran-tany mpikambana ao anatin'ny “Organisation Mondiale de Douane” izany fomba fiasa izany. Misy ny «bonne pratique» izay ataon'ny firenena maro maneran-tany ary raha toa misy ny “alignement tarifaire” dia manavaka fotsiny hoe ireto no “produits finis”, ireto no “produits intermédiaires” na ny “matières premières” ka tsy maintsy “logique” miainga avy any amin'ny “Organisation Mondiale de Douane” ny fametrahana izany.

Tsy azo apetraka amin'ity ny “exclusion” satria ao anatin'ny fifanarahana ara-barotra na ny “Accord de Parténariat Economique” ataontsika miaraka amin'ny SADC sy ny COMESA no ametrana azy ary misy ny “produits” tiana harovana izay tsy afaka mihatra amin'ny “harmonisation” amin'ity “tarif” ity.

Ankoatr'izay nisy ny fiakaran'ny vidin'ny savony, nanomboka tamin'ny taona 2010. Izay no “référence” raisina eto satria nisy nangataka “statistique” momba izany teo.

Raha ny antotan'isa misy dia tsy nitsahatra niakatra ny vidin-tsavony teto Madagasikara nanomboka tamin'io taona io. Tsy ny fampiakarana ny haba no nampiakatra ny vidin-tsavony, fa ny fitotongan'ny sandam-bolantsika. Anisany antony iray mahatonga ny fahalafosan'ny entana miditra eto amintsika izany. Mahatratra 70% ny “taux de couverture” satria izay no fahafahantsika mampiditra vola vahiny sy mandrakotra ny fanafaran'entana avy any ivelany; na izany aza, tsy maintsy misy ezaka atao mba ahafahana miaro ny hetra miditra ao amin'ny faditseranana.

Ohatra, tamin'ny taona 2010, teo amin'ny 5000 taonina no fanafarana “acide gras” nataontsika na PFD satria izay no akora fanodinana savony. Eo amin'ny 6 Lavitrisa Ariary eo no “valeur déclarée en Douane” tamin'io PFD io. Nanomboka tamin'io fotoana io anefa, nifamadika ny antotan'isa satria niakatra ny vidin'ny «bondillons» ary nidina ny PFD. Izany hoe «4,8 Millions de Kg» no fanafarana an'io PFD io tamin'ny taona 2010. Araka ny voalaza teo, io no akora ilaina amin'ny fanodinana savony. Nidina hatramin'ny 1 388 taonina izany tatỳ amin'ny taona 2020 araka ny noresahako teo hoe, 6 Lavitrisa Ariary no ilaina hanafarana PFD izay eto amintsika ny fanodinana azy. Amin'izao anefa, tafakatra hatrany amin'ny 50 Miliara isan-taona ny fanafarana «bondillons». Afaka miteny ve isika ao anatin'izany hoe ahoana ny fampiakarana ny “taxe” ho 10% mba ho fiarovana ny famokarana anatiny. Kelikely kokoa ny vola mivoaka raha ny akora fototra no afarana amin'izay mirindra ny fivoahan'ny volantsika Malagasy.

Ao anatin'ny fanapahan-kevitra raisina, misy ny lafiny tsara ary misy ihany koa ny lafiny ratsy. Nojerena avokoa izany rehetra izany satria tsy androany ihany no tandrovana, fa ao koa ny ampitso. Noho izany, na tsy nokitihana aza ireo «bondillons» ireo, kanefa mitotongan'ny lanjambolantsika dia hiakatra hatrany ny vidin'ny savony ho an'ny mpanjifa.

Tsy i Madagasikara irery, fa betsaka ny firenena mampiasa sy mandray ny “mesure fiscale”; ao anatin'izany ny fandraisana ny «reichsmark» izay akaiky antsika. Ohatra, ao Afrika Atsimo, 20% no haba-tseranana alaina amin'ny «bondillons», any “Mali”, 35% no haba alaina amin'izany. Ny firenena any Afrika rehetra izay mampiasa ny “tarif extérieur commun” dia mitovy daholo ny «tarif» sy ny «quotité» ampiharin'ireny firenena ireny.

Ao anatin'izany "Rwanda, Burundi, Kenya, Tanzanie, sns... dia mahatratra 25% ny haban-tseranana alaina mikasika ireo "bondillons" ireo. Ampiharina amin'ny "harmonisation" napetraky ny AMD izany, ka heverina ho toy ny "produits finis" ny "bondillons de savon" any amin'ireo firenena ireo.

Tsy afaka ny hametra ny fiakarany na ny fidinan'ny vidin-tsavony mihitsy isika satria izay no fandraharahana ataon'ny mpanafatra entana. Eo antrehan'izay, tsy maintsy mitsinjo ny ho avy isika mba ahafahana manodina ny "matières premières" ananantsika, ka ho lasa "économie de production" no misy eto amintsika fa tsy hiankin-doha foana amin'ny any ivelany. Hiarovana ny orinasa misy eto amintsika izany rehetra izany satria misy ireo firenena manana hevi-dratsy te-hamotika ny orinasa Malagasy.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Faditseranana, Ramatoa Filoha ary nanome fitenenana an'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana, raha hanampy fanazavana ny tenany.

Toy izao no nambaran'Andriamatoa RAJAOFERA Andry Nirina, Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana, raha nomena fitenenana.

Fanontaniana momba ny "Opérations Globales du Trésor" (OGT) no hovaliana: napetraka tamin'ny volana Aogositra lasa teo OGT ary vonjimaika ihany izy io.

Marihana fa ny OGT dia mandray ny "opérations" rehetra miainga avy amin'ny "dette" ny iray ary ny "opération" mikasika ny hetra no faharoa ary ireo "autres opérations nettes du trésor" ihany koa.

Noho ny fisian'ireo "opérations" antsoina hoe vonjimaika ireo dia tsy maintsy nitondrana fanitsiana io OGT io ary niandry ny "OGT définitive" tamin'ny volana Jolay vao afaka nanao izany. Izay no antony nanatsoahana an'io OGT tamin'ny volana Aogositra io ary nitondrana fanitsiana noho ny fahatongavan'ireo "opérations" ireo teto aminay tamin'ny alalan'ny "opérations des transferts" avy tamin'ireo "autres directions générales" ireo.

Valin'ny fanontaniana manaraka, momba ny PIC2.2. Ny "projet PIC" dia iarahana mahalala fa efa ho 20 taona eo angamba izay no nisiany teto Madagasikara ary ny fomba fiasany dia mandeha "par zone d'intervention", fa tsy mandeha isaky Kaominina na isaky ny Distrika. Izany hoe, izay nosafidiany ihany no afaka misitraka ny tetikasa vatsiany vola.

Teo amin'ny PIC2.2 dia mitentina "185 Millions de Dollars" ny famatsiam-bola tamin'izany. Miaraka amin'io PIC2.2 io koa ny PIC3 izay mitentina "150 Million de Dollars" ny famatsiam-bola avy aminy. Momba ny PIC2.2, efa voafaritry ny "zone d'intervention" hiasany araka ny voalaza teo aloha, fa ao amin'ny PIC3 kosa no afaka miady isika amin'ny mety hahazoantsika famatsiam-bola. Hisy "zones" maromaro hitombo ao anatin'ny satria hitombo koa ny vola hovoaray avy aminy.

Izay no azo ambara mikasika ny famatsiam-bolan'ny PIC.

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Minisitry, fa hanome fanazavana ihany koa izy, ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.

Toy izao no nambaran-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, raha nandray fitenenana: hitondra fanazavana momba ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo aho, hoy izy.

Maromaro no nangataka ny hampiakarana ny tetibola ho an'ny fambolena sy ny fiompiana. Angamba tsy voaresaka tany amin'ny "commission" fa anisan'ny Minisitery nahazo fitomboan'ny tetibola io Minisitery io. Raha nandefa taratasy fampiakarana tetibola taty aminay ny Minisitery dia nangataka fanampim-bola mitentina 15 900 000 000 Ariary izy. Rehefa natao ny fandinihana ary nentina tao amin'ny Filankevitry ny Minisitry izany dia nahazo 63 600 000 000 Ariary fanampiny izy. Hitantsika amin'izany, fa nahazo inefatra avo heny noho ny fangatahana nataony io Minisitery io. Izay no nomena azy tao amin'ny Filankevitry ny Minisitry. Izany hoe, niakatra ny tetibola nomena ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana.

Momba ny "conseiller financier Rothschild" kosa, toy izao no fanazavana azo omena: aleo aloha miainga amin'ny atao hoe mpanolotsaina satria eo amin'ny famaritana dia efa misavoritaka daholo isika rehetra.

Inona no atao hoe mpanolotsaina: raha jerentsika ny RI ato amin'ny Antenimierampirenena, misy andininy milaza ao, fa manan-jo haka mpanolotsaina ny Solombavambahoaka tsirairay. Izany hoe, tsy vaovao amintsika ny hevitr'io teny io. Manala na mampihena ny maha Solombavambahoaka anareo ve ny fiasian'izany. Misolo toerana anareo amin'ny fandraisanareo fanapahan-kevitry ve ny fisiany. Tsia no valin-teny. Mitovy amin'izay koa "Rothschild", mpanolotsaina fa tsy manapakevitry, tsy mpamatsy vola ary tsy mitantanam-bola ihany koa izy. Marina fa hainy izany asa izany saingy tsy izay no anjarany eto amintsika. Tsy tokony hikasika ny fiandrianam-pirenena ny fisian'ny mpanolotsaina. Eny, manana traikefa maro izy, toy ny "banque d'affaires" sy sehatrasa hafa ahafantarana azy saingy tsy azony atao eto amintsika daholo ny zavatra manavanana azy. Tsia ihany koa no valiny. Izay anirahantsika azy ihany no ataony eto Madagasikara. Mitovy amintsika maka artisita ihany io, ny fifanekena ihany no ataony fa tsy izay rehetra hainy. Tahaka izay koa "Rothschild", tsy ny sehatrasa rehetra mampalaza azy eran-tany no hataony eto amintsika, fa misy "mandat" manokana iasany eto Madagasikara.

Maninona no "Rothschild" no nofidintsika hanao an'izay mpanolotsaina izay; mitovy amintsika rehetra misafidy ny mpanolotsaintsika ihany izany. Izy no laharana voalohany eran-tany amin'ny resaka "conseil financier", haka ve dia haka ny antonony. Izay no antony nakana azy. Tsy manetry ny maha teknisiana Malagasy ny Malagasy mihitsy izany.

Ankoatr'izay miteraka resabe koa ny hoe miasa maimaimpoana ve izy. Avahana angamba ny hoe maimaimpoana sy ny hoe tsy miala ao anaty kitapom-bolam-panjakana ny vola omena azy.

Ny "Rothschild" dia tsy miasa maimaimpoana kanefa tsy karamaintsika amin'ny vola avy amin'ny kitapom-bolam-panjakana ihany koa. Ny karamany dia aloa amin'ny atao hoe "commission de succès" amin'ny fiteny frantsay. Izany hoe, isaky ny mahita vokatry amin'ny sosokevitry omeny isika vao mandoa vola aminy. Ohatra, raha mitondra mpamatsy vola maromaro eto amintsika izy, ka misy iray raisintsika amin'iny sady mahomby dia amin'izay isika vao manome "commission" ho azy. Araka ny voalaza teo, tsy maimaimpoana kanefa tsy mivoaka amin'ny kitapom-bolam-panjakana ny vola omena azy.

Inona no anirahantsika ny “Rothschild” eto amintsika. Misy vitsivitsy azo tanisaina ireto: ny fanolorana mpamatsy vola, izay tsy voatery ho “investisseur public”, fa mety ho “privé” ihany koa ary izy no manampy antsika amin’ny fanatanterahana ny vinan’asan’ny Filohampirenena avy amin’ny fijerena ireo mpamatsy vola eran-tany ireo. Izy koa no mijery ny fanatsarana ny “compétitivité” ao amin’ny OCDE.

Ankoatr’izay, mivoatra ny tontolon’ny fampiasana ny volam-panjakana eran-tany ary isika tsy afaka hijery fotsiny an’izay, fa tsy maintsy miezaka manaraka ny fandrosoan’ny hafa miditra ao anaty fanatontoloana satria tsy mahazo miolonolona irery isika. Anisan’ny fanatsarana ny fanatontoloana ny fitantanam-bolam-panjakana izany ary izay no atao hoe “marché financier”. Manampy antsika amin’ny torolalana ny “Rothschild” momba ny fidirana amin’izay “marché financier” izay. Manomboka amin’ny “notation” hatrany ny fidirana amin’izany, satria isika tsy manana fomba ahafantarana hoe inona no “notation” tokony hatao eo amin’ny sehatra iraisam-pirenena. Manana sekoly ambony manofana momba ny “marché financier” ihany isika eny amin’ny “Université Catholique de Madagascar (UCM)” saingy mijanona ho lesona ihany izany satria tsy manana sehatra hampiharana azy isika hatramin’izao, ka voatery ho any ivelany foana ve vao afaka hampihatra izany. Tafiditra amin’ny asa iarahantsika aminy daholo izany.

Marihana fa izay “notation” tadiavintsika izay dia tsy azo ataotao foana ary tsy mahazo miditra amin’izany ny firenena iray raha tsy manao ny mangarahara momba ny toekarena sy politika. Ny dikan’izay, fahavononana sy fahasahiana lehibe ho an’ny Governemanta Malagasy no hiditra amin’ny “marché financier” satria efa mampihatra ny mangarahara isika ankehitriny.

Miala tsiny fa somary lava satria ilaina ny zavatra mazava tahaka izay ary eto imasonareo Solombavambahoaka no tokony hitondrana an’izay fanazavana izay.

Momba ny “bondillons” sy ny “pates alimentaires” kosa, efa nitondra fanazavana ara-teknika ny Tale Jeneraly teo, fa entina amin’ny lafiny politika indray izany izao.

Momba ny “pates alimentaires” dia ambony ny tahan’ny «dépenses fiscales» eto amintsika, izany hoe ny totalin’ny entana ahitana «exonération» eto Madagasikara. Tokony hijery ny fanenana an’ireo “dépenses fiscales” ireo isika amin’izao fotoana izao. Rehefa nojerena hoe inona daholo ireo “avantages fiscaux” misy eto amintsika dia nojerena hoe iza no malefaka indrindra; ohatra ny “exonération de la facture de la JIRAMA”. Misafidy isika hoe «pates alimentaires» sa «facture»-n’ny JIRAMA na ny fanafarana vary ihany koa ohatra; iza amin’ireo no fidina hanenana ny «dépenses fiscales». Ny «pates alimentaires» no hitan’ny teknisiana fa maivana indrindra ny fiantraikany raha oharina amin’ny vary sy ny “facture”-n’ny JIRAMA.

Momba ny “zones franches”, efa nohazavaina teo hoe maninona no natao tahaka an’iny ny mikasika ny hetra. Tsikaritra ho an’ireo “zones franches” nomena 15 taona hoe tsy mandoa hetra, rehefa tonga ny faha-16 taona dia hidiany ny orinasany ary manokatra orinasa vaovao indray izy sady mahazo 15 taona vaovao tsy andoavana hetra ihany koa. Amin’izay fotoana izay, lasa mipetraka mandritra ny 50 na 60 taona eto amintsika izy kanefa tsy mandoa hetra akory. Lava ny fotoana tsy andoavany hetra, ka teo no nahatonga antsika nandray fanapahan-kevitra hoe, ampidinina 1 taona ny fandoavan-ketra amin’izay tsy manam-potoana hanidiana ny orinasany intsony izy ireo.

Mba ho fiarovana ny kitapom-bolam-panjakana no nanaovana izany, fa tsy hoe nofoanana ny “avantanges”-n’ny “zones franchises”.

Mikasika ny “bondillons” kosa, hiaro ny mpanafatra ve isika sa hiaro ny orinasa Malagasy. Niteny isika teo hoe na 10% na 20% ny haba, tsy maintsy hiakatra foana ny vidin’ny savony. Raha hiakatra ny vidiny, tsy aleo ve mankany amin’ny kitapom-bolam-panjakana toy izay ho an’ny orinasa vahiny.

Manana akora isika Malagasy, fa raha omentsika vahana ny fanafarana dia hijaly foana ny orinasa eto amintsika satria hamoraintsika loatra ny fidiran’ny entana eto amintsika noho ny fisian’ny fifaninanana mafy be raha miohatra amin’ny mpanafatra.

Izay no teny entinay manohana ny resaka “bondillons” sy ny “pates alimentaies” teo.

“En cessation de paiement” ve isika; tsia no valiny araka ny efa nolazain’ny Solombavambahoaka namana teo; 66%-n’ny volam-panjakana no niasa hatramin’izao. Ny dikan’izay; mbola betsaka ny vola sisa ao amin’ny kitapom-bolam-panjakana saingy ny “engagement”-n’ny vola no tsy mbola tonga eto aminay ny taratasy milaza izany.

Taorian’izay, nanao satroka Andriamatoa RAZAFINANDRASANA Raulan, ka nomena fitenenana ary toy izao no nambarany: inona no antony tsy ahazoana ny CIAD any aminay ary inona no tokony hataonay.

Namaly Ramatoa Minisitry hoe aleo jerena izay antony izay mba ahafahana manolotra vahaolana momba ny olana misy any aminareo.

Nanao satroka ihany koa Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, ka nomena fitenenana ary toy izao no nambarany: tokony hasiana “droit d’accise” daholo ny harena an-kibon’ny tany satria tsy ny volamena irery no harena ananantsika. langaviana ny hametrahana izany ao amin’ny LFR izay ho avy eo.

Taorian’izay nambaran-dRamatoa Filoha, fa tapitra ny adihevitra ary hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-018-2021 mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, taona 2022, ny mpivory.

Isaorana ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ireo teknisiana miaraka aminy tamin’ny famaliana ny fanontaniana napetratsika teo.

Araka ny tatitra eny amintsika, ny Vaomieran'ny Tetibola dia nandray fanapahan-kevitra toy izao:

FILAZANA NY ANTONANTONY (EXPOSE DES MOTIFS):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika an'io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 77 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany filazana ny antonantony (**exposé des motifs**).

Andininy voalohany: Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika izany.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 77 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Volalohany.

Andininy faha-2: fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra (CODE GENERAL DES IMPOTS):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 77 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-2.

Andininy faha-3: Faditseranana (DOUANES): Nolanian'ny Vaomiera nasiam-panovàna (**jereo ny tovana**).

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 3 no nanaiky ny fanapahan-kevitry ny Vaomiera; Solombavambahoaka miisa 62 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny tamin'ny endriny voalohany (version originale) ny Andininy Faha-3.

Andininy faha-4: Ny vokatry ny vola miditra azo ampiharina amin'ny Tetibola amin'ny taona 2022 (Les produits et revenus applicables au budget 2022): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 80 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy Faha-4.

Andininy faha-5: Ny farafa-habetsaky ny sorabola anomezan-dàlana ho an'ireo Zanabola avy amin'ny trosa, ireo vola omena ireo Andrimpanjakàna sy Ministera, ireo antom-pandaniana hafa, ny famatsiam-bolan'ireo Kaomina, ireo fandanianana ho an'ny Hana-pamokarana (Le plafond des crédits autorisés au titre des intérêts de la dette, des pouvoirs publics, des moyens des Ministères, des Autres dépenses affectées, de la Dotation aux Communes, des Dépenses d'Investissement):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 80 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-5.

Andininy faha-6: Ny fetra faratampon'ny sorabola ho an'ireo fahefana, rantsa-mangaika politika sasany ary ireo asa marika sasany (Limite des crédits ouverts s'appliquant à certains pouvoirs, organes politiques et certaines Opérations):

Nolanian'ny Vaomiera nasiam-panovàna (**jereo ny tovana**).

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, tsy nisy Solombavambahoaka nanaiky ny fanapahan-kevitry ny Vaomiera; Solombavambahoaka miisa 82 no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny tamin'ny endriny voalohany (version originale) ny Andininy Faha-6.

Andininy faha-7: Ny fampiasam-bola sy Tahirim-bola anatin'ny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany (Dépenses d'investissement, Ressources propres, Emprunts Etat, Subvention extérieure, Fonds de Contre-Valeur): Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 82 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-7.

Andininy faha-8: Ny fetra faratampon'ny sorabola azo aloa atovana amin'ity Tetibola Ankapobe 2022 ity (Le plafond des crédits de paiement ouverts au Titre des Dépenses d'Investissement du Budget Général 2021):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 82 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-8.

Andininy faha-9: Tetibola anankina an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra (Budget Annexe des Postes et Télécommunications). Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 82 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-9.

Andininy faha-10: Tetibola anankina an’ny Tranom-printim-pirenena (Budget Annexe de l’Imprimerie Nationale).

Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 82 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-10.

Andininy faha-11: Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-panjakàna (Les opérations des Comptes Particuliers du Trésor).

Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 82 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-11.

Andininy faha-12: fanomezam-bola mialoha (avances, prêts et participations). Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 82 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-

Andininy faha-13: Ny fampiasana ny vola vidin’entana fanomezana avy any ivelany sy izay mitovy lenta amin'izany (Les opérations génératrices de Fonds de Contre-Valeur et assimilées).

Nolanian’ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 82 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-13.

Andininy faha-14: Ny vinavinan'ny kirakira momba ny trosam-panjakàna (prévisions des opérations de la dette publique).

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 82 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-14.

Andininy faha-15: Ny fifandanjana ankapoben' izao Volavolan-dalàna momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakàna ho amin'ny taona 2022 (équilibre général du présent projet de Loi de Finances pour 2022). Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 82 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-15.

Andininy faha-16: fepetra manokana (Dispositions Spéciales)

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 81 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-16.

Andininy faha-17: Fetran'ny findramam-bola (dette publique)

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 81 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-17.

Andininy faha-18: fanomezan-dalana ny Tahirimbolampirenena ho an'ny Fananan-tany (la perception au profit du budget du Fonds National Foncier)

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 81 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-18.

Andininy faha-19: Fanomezan-dalana ny fanangonana ho tombontsoan'ny Foiben'ny Fitsaboana sy ny Fahasalamam-bahoaka Analakely (CHU SSPA) «la perception au profit du Centre Hospitalier Universitaire de Soins et de Santé Publique Analakely (CHU SSPA)»

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 81 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-19.

Andininy faha-20: fanohanana ny asa fitandroana ny volam-panjakana sy ny fitantanana mavitrika ny vola kirakiram-panjakana (soutient des activités de sécurisation de fonds publics et de la gestion active de la trésorerie de l'Etat)

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 81 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-20.

Andininy faha-21: fanomezan-dalana hanao ny fanangonana ny vola miditra amin'ny fanjakana (autorisation à effectuer le recouvrement des recettes publiques)

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 81 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-21.

Andininy faha-22: Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao (La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République):

Nolanian'ny Vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Iza no manan-kambara mikasika io andininy io.

- Tsy misy -

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 81 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Andininy faha-22.

Taorian'ny fandanianana tamin'ny isan'andininy, nambaram-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory.

Nomarihany koa fa amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao dia ampiharina ny andininy faha-48 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2004-007 mikasika ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, izay mamaritra ny fomba arahina amin'ny fandanianana ny tetibolam-panjakana koa harahina antsakany sy andavany izany.

Momba ny Tomban'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana (Equilibre Général du Projet de Loi de finances pour 2022) hita ao amin'ny andininy faha-4.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 84 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Tomban'ezaky ny fidiram-bola sy ny tetibola ankapoben'ny Fanjakana (Equilibre Général du Projet de Loi de finances pour 2022).

Mikasika ny Tomban'ezaky ny loharano sy ny fandania ny vola kirakira (moyens des Ministères et les autres dépenses affectées) hita ao amin'ny andininy faha-5, Tome 2, Annexes 4,6,7

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 84 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Tomban'ezaky ny loharano sy ny fandania ny vola kirakira (moyens des Ministères et les autres dépenses affectées).

Mikasika ny fitambaran'ny iraka eo anivon'ny Minisitara rehetra (Répartition par Institution et Ministères) hita ao amin'ny andininy faha-6:

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 84 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fitambaran'ny iraka eo anivon'ny Minisitara rehetra (Répartition par Institution et Ministères).

Momba ny sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (Budget Annexe des postes et Télécommunications, Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, Les opérations des comptes particuliers du trésor) hita ao amin'ny (andininy faha-9,10,11)

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 84 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny sora-bolan'ny tetibola anankina sy ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana (Budget Annexe des postes et Télécommunications, Budget Annexe de l'Imprimerie Nationale, Les opérations des comptes particuliers du trésor)

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021, momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2022 ny mpivory ary nomarihan-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 84 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021, momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2022.

Taorian'ny fandania ny volavolan-dalàna dia nomeny fitenenana Ramatoa RABARINIRINASON Rindra, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola raha toa misy teny tiany hambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no nasetriny ny fahalanian'ny Volavolan-dalàna laharana faha-018/2021 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2022 ary nirary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Antenimierampirenena sy Governemanta ihany koa ny tenany.

Fisaorana koa no navalin-dRamatoa Filoha izany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandahara-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, ka Alarobia 24 Novambra 2021, amin'ny 9 ora, maraina sy amin'ny 3 ora, tolak'andro dia hisy ny asam-baomiera mikasika ny "Proposition de loi n°003-2021/PL du 03 Juin 2021 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par le Député VONINAHITSY Jean Eugène, élu à Morafenobe".

Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany amin'ny fahavitrihana amin'ny fanatrehana ireo fivoriana ireo.

Niato tamin'ny 7 ora sy 40 minitra, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona